

TANIARA AIALA



nalaina tamin'ny

LE
Livre DE LA
Jungle

RUDYARD KIPLING

TENY FANOLORANA

Isaorantsika Andriamanitra tamin’ny fahasoavany sy fitahiany ka mbola ahafahantsika manolon-tena hatrany hanatanteraka ny asa fanabeazana izay efa nanaovantsika fanekena. Indro ary atolotra antsika indray ireto tantara notsongaina tao anaty “Livre de la jungle” izay noezahina nadika amin’ny fomba samy hafa .

Tantara valo no nosafidiana atolotra an’ise ato anatin’ity boky ity ka ny dimy dia natao tantara holalaovina hifamaliana izay maneho miharihary ireo mpandray anjara; mora lalaovina kokoa ary ny telo kosa dia natao ho tantaraina. Fomba fanehoana ihany ireo fa azo lalaovina ao anaty haza lehibe avokoa ireo sokajin-tantara ireo .

Ankasitrahana ireo zoky teo aloha izay niezaka nandika ny tantara tamin’ny teny Malagasy sy ireo nanampy tamin’ny famoahana izao boky izao. Misy ihany koa ny ezaka efa natao handraketana izao boky izao amin’ny raki-peo mba hahaliana kokoa ny Lovitao sy hanampy an’ise .

Tiana ny mampatsiahy fa ny tantara ao anaty “Livre de la jungle” izay nosoratan’i Rudyard Kipling dia natao ho fitaovana entina hanabeazana ny Lovitao izay miaina nofinofy ao anaty tontolo nofinofy. Antenaina ary fa hanampy an’ise amin’ny fanatsarana ny kalitaon’ny fanabeazana ity boky ity. Mbola misy ireo tantara hafa tsy voarakitra ato, koa manentana an’ise hitrandraka hatrany ny “Livre de la Jungle”.

Koa mahereza ary ry Filoha sy Mpiandraikitra isany maneho ny fahendrena sy fifankatiavana ary ny firaisankina raiketin’ny tantara mba hipaka tsara any amin’ny beazina ny fanabeazana ataontsika.

« Tsy mpihaza tsara ny mamela ny hazany an-dalana »

Ny Ekipa Foibe Sampana Mavo

2018-2021

Mikasa ny hamoaka boky Livre de la Jungle amin' ny teny Malagasy izahay. Io boky io no fototry ny tantara am-pilalaovina ny lovitao eran' izao tontolo izao. Boky mahafinaritra ary tsy lefy laza hatramin' izao izy io. Alohan' ny boky matevina dia inianay avoaka eto ety fizarana ity . Ataonay fa hahafinaritra anareo mpamaky tokoa.

NY RAHALAHIN' I MOWGLI

Efa harivariva tamin' izay, nefa nafana ny andro. Nifoha tamin' ny torimaso fanaony isan' andro Père Loup, nihaotraotra, nanoaka, naninjitrinjitra ny sandriny toy ny manala ny halainana mbola manangoly ny rantsany. Mère Louve kosa mitsotra mampinono ny zanany izay mikiakiaka sy mifanosika eo aminy. Indro ny taratry ny volana fa mamirapiratra eo am-bavan'ny zohy nipetrahan' izy mianakavy.

Père Loup : « Aogrh !Efa tokony handeha hihaza amin' izay aho lahy ! »

Ndeha hivoaka hiremby indrindra izy no indro nisy aloka kely be rambo nanentsina ny lavaky ny zohiny sady niantso hoe :

Tabaki « Mahazoa haza be ry lehiben' ny Loups o! Mahazoa haza be ary maniria haingana ny nifin' ireto ankizy mahafatifaty hahatsiaro mandrakariva izay noana anie izy ! ».

Ny « Chacal » io, i Tabaki mpilela-bilia. Ny Loups rehetra any India dia samy mahafantatra an' i Tabaki satria any amin' izay rehetra alehany dia manimba zavatra izy, manely tsaho, mihinam-borodamba sy poti-koditra ary ny fakon' ny tanàna, kanefa matahotra azy koa izy ireo satria ry Tabaki no mora voan' ny haromotana indrindra, ary amin' izay fotoana izay dia adinon' i Tabaki fa saro-tahotra izy ka lasa mihenjy eran' ny ala sy manakitra izay rehetra mifanena aminy. Na dia ny tigra aza, mitsoaka sy miery rehefa romotra i Tabaki, satria ny haromotana no zavatra mahamenatra indrindra amin' ny biby dia.

Père Loup : « Mandrosoa, nefa tsy misy hohanina intsony ato aminay ».

Tabaki : Raha ho an' ny Loups dia tsy misy, fa aminay na taola-maina aza dia toy ny hanim- py. Inona moa izahay Gidur log(ny vahoaka Chacal) izay bozaka aman' ahitra itony no hiavona an-kanina ».

Niditra tery an-joron' ny zohy izy ary nahita sisan-taolan' osy dia misy hena kely ka nikepokepok' iny sady nankafy ery.

Tabaki : « Misaotra tompokolahy noho ity sakafo tsara nomenareo »,

(**sady nilelamolotra ery izy tamin' izay**). Ntro mahafatifaty ireto ankizy : izato masony baliaka e ! Hoatry ny hadinoko lahy, fa na dia vao teraka aza dia efa tompo sahady tokoa ny zanaky ny mpanjaka ».

Fantatry Tabaki tsara anefa fa tsy misy zava-dratsy hoatry ny madokadoka ny ankizy eo imasony. Faly ery i Tabaki tamin' ity ratsy vitany ity ary hoy izy :

Tabaki : « Hiova tany fihazana, hono, i Shere Khan. Ety amin' ity havoana ity indray hono, izyno hihaza amin' ny tsinambolana ho avy ».

Shere Khan dia ilay tigre monina amoron' ny renirano Waingunga, tokony ho 30 km avy eo.

Père Loup : « Tsy mahazo manao izany izy, (**tamin-katezerana**). Araka ny lalàn' ny Jungle dia tsy mahazo manova ny toerana fihazany izy raha tsy mampandre mialoha. Vao mbola lavitra izy dia efa mandositra avokoa ny haza rehetra, nefa amin' izao fotoana izao anjaran-droa no tsy maintsy efaiko ».

Mère Louve : « Tsy napetapetaky ny reniny fotsiny akory ny anarana hoe Kotringa ». Raha vao teraka izy no efa mandringa, hany ka tsy mahazo afa-tsy ny ombin'olona, izany no mahatonga ny olombelona any Waingunga ho tezitra aminy. Hanakotaba ny olona ety amintsika indray izy. Hanenjika azy eran' ny Jungle ny olombelona ka handoro ny ahitra, izy anefa amin' izay efa tsy hita intsony ka I zahay sy ny zanakay no voatery hitsoaka. Dia misaotra an' i Shere Khan izahay ».

Tabaki : « Holazaiko azy ve izany fisaoranao izany ».

Père Loup : « Adiky, mandehana mandeha any, efa be izay ratsy vitan' ialahy izay androany alina ».

Tabaki : « Lasa ary aho, mety ho henonareo ao ambony ao i Shere Khan ».

Injao tokoa heno ao an- dohasaha ny feon' ilay Tigre, tezitra sy misafaoka fa tsy mahazo na inona na inona ka tsy menatra akory ny hidradradradra hohenon' ny Jungle manontolo.

Père Loup : « ilay foka lahy ! tabataba toy izany, hono, no hanombohany ny fihazany ! Heveriny angaha fa sahala amin' ny zanak' omby matavy any amin' ny Waingunga ny osy dia aty ».

Mère Louve : « Tsy omby na osy dia izany hazainy izany fa olona ».

Niova ho fisamonomononana ilay feo mitaraindraina teo, feo mahavery ny mpianala ka mahatonga azy hiditra amin' ny vovon' ny Tigra.

Shere Khan:« Olombelona **!(hoy izy sady natrangany ny vangy fotsiny)** ,

Père loups:Faugh !tsy misy intsony angaha ny bibikely sy ny sahobakaka ao an-dobo no olona no tadiaviny ho hanina, sady aty amin' ny tanintsika indray ? ».

« Ny lalàn' ny Jungle izay tsy mandidididy foana raha tsy misy antony dia mandrara ny biby tsy hihinana olona raha tsy ohatra angaha ka te –hamiseho amin' ny ankizy ny fomba famonoana izy. Amin' izany anefa dia tsy maintsy any ivelan' ny faritany natokana ho an' ny fokony izy no mihaza. Ny tena anton' izany anefa dia izao : raha misy vonoan' olona dia tsy maintsy tonga ny olombelona mitondra basy aman-defona sy afo ka hanafika sy handoro ny Jungle dia ho faty avokoa ny mponina ao.

Ny fiheveran 'izy samy biby dia ny olombelona no malemy sy tsy manam-piarovana ka manala-baraka ny mamono azy. Lazainy koa, ary marina izany, fa ny mpihinana olona dia manjary hatinkatenina sady miraraka ny nifiny ».

Nitombo ilay fimonomononana teo ka nifarana tamin' ny « Aaarh ».

Nitombo lay fimonomononana teo ka nifarana tamin' ny « Aaarh ». Dia injay fa henony i Shere Khan mikiakiaka hafahafa tsy mendrika ny tigra.



Mère Louve : « Tsy nahazo ny hazany izy ».Inona izany ?

Nivoaka i Père Loup ary henony Shere Khan nitaraindraina hoatry ny lasa gaigy.

Père Loup : « Nanitsakitsaka ny vain' afon' ny mpianala ilay badolahy iny ka may ny tongony ».Miaraka aminy i Tabaki.

Mère Louve : « Misy zavatra miakatra avy any an-dohasaha izany, sady narangany ny sofiny . Miomàna hianao.

Injany misy zavatra misaosaoka any anaty kirihitra any. Mivonombonona hitsambikina i Père Loup. Ndeha hitsambikina iny indrindra izy no niahotra tampoka, nisavoana ambony, nefa nitsatoka teo amin' ny tany nialany nialany ihany :

Père loup: « Olona re !hoy izy , zanak'olombelona. Jereo ange ! ».

Indro tokoa teo anoloany nisy zazakely miboridana miankina amin' ny ratsan-kazo. Mila tsy ho afa-mandeha akory izy, zazakely botititka botrabotra mahafatifaty. Natrakany ny masonry, nibanjina an' i Père Loup. Dia nitokelakelaka nihomehy izy (**feon-jaza mihome**).

Mère Louve : « Zanak' olombelona ve izao ?.Mbola tsy nahita izany aho lahy. Eto aty hoe !

Tsy sarotra amin' ny Loup zatra mitondra ny zanany ny nibata zazakely ary na nikatona teo amin' ny lamosiny aza ny vavan' i Père Loup dia tsy nisy kiaka kely akory ny tenan' ilay zazakely nony napetrany teo afovoan' ny zanany izy ».

Mère Louve : (**miteny am-pitiavana**) « Ntro !Mahafatifaty ity izy, miboridana sady sahisahy ».

Naka toerana teo am-pfoan' i Mère Louve eo amin' ny ankizy ilay zazakely.

Mère Louve : « ha ! miara-minono amin' ireto zanako lahy, nefa zanak' olombelona ? Moa misy Louve afaka milaza ve fa mitaiza zanak'olombelona miaraka amin' ny zanakay izy ? »

Père Loup : « Efa nandre zavatra sahala amin' izany ihany aho, nefa

tsy tamin 'ny fokontsika na tamin' izao fotoana izao ».

Mère Louve : « Tsy misy volo akory ity izy ary raha vao dakako ity toa ho faty, nefa, jereo fa mibanjina ahy izy ary tsy matahotra akory ».

Nihamaizina tao an-davaka fa notadiavin' i Shere Khan hanaovana an-ditra hidirana. Tabaki kosa tao aoriany, niantsoantso hoe :

Tabaki : « Tmpokolahy o !tato izy no niditra ».

Père Loup :« voninahitra lehibe izao ataon' i Shere Khan izao, (**sady nisompirampirana ny masonry**), inona no tadiavin' i Shere Khan ??? »

Shere Khan : « Ny Hazako ! Nisy zanak' olombelona nankaty. Nandositra rainy aman-dreniny. Omeo ahy izy ».

Nanitsaka ny afon' ny mpianala araka ny voalazan' i Père Loup i Shere Khan ary nampisafoka azy ny tongony may.Fantatry Père Loup anefa fa tsy ho tafiditra ao Shere Khan fa kely loatra ny vava-lavaka .

Père Loup(mitrerona) : « Vahoaka afaka ny Loups.Tsy misy mahazo manome baiko azy afa-tsy ny foiben' ny fokonolona, ary izay vanga-vanga mpamono omby, dia tsy miteny eo anatrehany. Anjaranay ny mamono azy raha tianay, anay ilay zanak' olombelona » .

Shere Khan : « Raha tianay hoe ? Inona re izany fitenenana izany e ! Ivoadiako amin' ilay ombalahy novonoiko raha mba hiandry ny hazako azoko ara-dalàna eto amin' ny lavakareo alika aho. Izaho Shere Khan no miteny ! ».

Toy ny vara-datsaka ny fihaino ny fitrenana'ilay tigre tao an-davaka. Nahatak' i Mère Louve ny zanany ary nitroaka nanatona an' i Shere Khan izy.

Raksa (père loup): « Izaho Raksa, ilay demony no hamaly an-tena, ahy ilay zanak' olombelona,ahy ! Tsy hisy hamono azy. Ho velona hikarenjy hiaraka amin' ny fokonay izy, hiara-mihaza amin' ny fokonay izy ; ary tandremo, ry ilay mpanenjika ny madinika ity, mpihinan-tsaobakaka, mpamono hazandrano, itena no hohazaina indray andro any. Ary izao ankehitriny izao, mandehana mandeha any ! Fa raha tsy izany hivoadiako amin' ny ombimanga novonoiko.Fa izaho

tsahobakaka, mpamono hazandrano, itena no hohazaina indray andro any. Ary izao ankehitriny izao, mandehana mandeha any ! Fa raha tsy izany hivoadiako amin' ny ombimanga novonoiko. Fa izaho tsy mba mihinana ny ombin' olona tsy afa-mandeha noho ny hanoanana, fa raha tsy izany hampodiako any amin' ny mandrakizay itena, ilay biby ratsy voadotran' ny Jungle, ilay kotringa ratsy ity. Tsy mendrika an-tena akory ny ho velona. Adiky ! ».

Natrangan' i Père Loup ny masonry sady nitonaka izy. Toa hoatry ny hadinodinony ilay andro nahazoany an' i Mère Louve fa, tamin' izay manko, Loup dimy lahy no niady taminy vao azony i Mère Louve. Ary tsy fanajana azy fotsiny akory no anaovany azy hoe : Demony fa nigagan' ny namany rehetra izy rehefa mihaza. Ho sahy hifampitana tamin' i Père Loup ihany i Shere Khan fa tsy sahy hihaika an' i Mère Louve izy ; fantany mantsy fa hamono tena mihitsy i Mère Louve sady ratsy toerana rahateo izy. Nihatoka izy ary nimonomonona, ary nony efa teny ivelany dia niantso hoe :

Shere Khan : « Mivovo ao an-tokotaniny tokoa ny alika ! Ho hitantsika izay holazain' ny fokonolona sy izay heviny amin' ny itaizanareo io zanak' olombelona io. Ahy ilay kely io. Ary na ho ela na ho haingana tsy maintsy ho ao am-bavako izy ».

Nifitsaka moramora i Mère Louve ary hoy Père Loup taminy :

Père Loup : « Marina ny an' i Shere Khan ny amin' izany. Tsy maintsy haseho ny fivoriam-poko ilay kely io. Tianao tokoa ve ny hitaiza azy, ry Neny ? ».

Mère Louve :Tiako hoe ? Jereo ity izy tonga irery aty amintsika, miboridana, mila ho faty noana, ny andro alina, nefa tsy matahotra akory izy ? Ho vonoin' ilay kotringa iry izy dia handositra any Waingunga ilay ratsy, dia ho avy eto amintsika ny olombelona hamaly faty. Tena hotanako tokoa izy. Mandria eo ny saobakaka kely o, ry i Mowgli o ! Mowgli ilay saobakaka no ataoko anaranao ; ho avy ny andro hihazanao an' i Shere Khan tahaka izao ihazany anao izao ».

Père Loup : « Ka ahoana hoy izao ny fokontsika ? », lazain' ny lalàn' ny Jungle mazava tsara fa ny Loups rehetra dia mahazo miala amin' »

ny foko misy azy rehefa manambady, kanefa raha vao afa-mitsangana ny zanany dia tsy maintsy asehony ny foibem-poko, izay mivory indray mandeha isam-bolana, amin' ny fenomanana, mba hahalalan' ny Loups hafa azy. Rehefa izany dia mahazo mihenjy any amin' izay toerana tiany iny ankizy iny mandram-pahafatiny izay diera hohazainy voalohany ; tsy misy famindrampo ho an' ny Loups efa vantony ny mamono ny iray foko aminy. Voaheloka ho faty ilay mpamono na iza izy na iza, ary raha misaina kely hianao dia hitanao ny maha-rariny an' izany.

Nandrasan' i Père Loup aloha ho afa-mihazakazaka kely ireo zanany, rehefa izany dia nentiny nanatrika ny fivoriana niaraka tamin' i Mowgli sy Mère Louve tany amin' ny vatolampim-pihaonana. Ery an-tampon-kavoana, rakotry ny vato sy vatolampy io toerana io ary ampy hipetrahan' ny Loups hatramin' ny zato.

Mivalapatra eo ambonin' ny vatolampy i Akela, ilay Loup vaventy mpitoka-monina izay natao lehiben' ny foko noho izy sahy sy fetsy. Ery ambanimbany kosa ny Loups vaventy sy madinika samy hafa volo hatramin' ny menavazana, mahasambotra diera samy irery tsy misy mpanampy ka hatramin' ny loup kely telo taona izay mihevitra fa mahavita toy izany koa.

Efa herintaona izay no nitondran' i Akela ny foko. Tamin' ny andron' ny fahatanorany dia indroa izy no voan' ny fandrika, indray mandeha koa dia nodoran' ny olona izy ka noheveriny fa maty. Noho izany rehetra izany dia fantany tsara ny fomba amampanaan' ny olombelona. Tsy mba misy resaka be loatra eo amin' ny fivoriana. Ny ankizy mifalihavanja eo afovoan' ny faribolana hodidinin' ny ray aman-dreniny. Ny Loups efa zokinjokiny manatona ny ankizy ka mandinika sy mamantatra azy ary miverina moramora mamonjy ny toerana indray. Indraindray kosa ny renin' ny ankizy no manosika ny zanany ho eny amin' ny taratry ny diabolana mazava, sao dia tsy voamariky ny vahoaka tsara ny zaza. Akela kosa miantsoantso hoe :

Akela : « Jereo tsara, Jereo tsara ry Loups o ! ».

Farany dia nalefan' i Père Loup teo afovoan' ny faribolana i Mowgli.



Tsaroan' i Mère Louve fa toa nitsangana ny volon-katony tamin' izay fotoana izay ; Mowgli anefa tsy taitra akory fa mitsikitsiky sady milalao ny vato nanjary fotsy mangatsakatsaka tarafin' ny volana botsika. Tsy nanatraka ny lohany akory i Akela nanohy ny antso -antsony hoe :

Akela : « Jereo tsara, Jereo tsara !... » .

Injay nisy nitrerona avy any an-damosin' ny vatolampy, i Shere Khan io.

Shere Khan : Ahy ilay kely io, omeo ahy izy ! hataon' ny vahoaka afaka inona moa izay zanak'olombelona ? »

Tsy nihetsi-bolomaso akory i Akela fa hoy izy :

Akela : « Jereo tsara ry Loups o ! tsy mandray baiko na avy amin' iza na avy amin' iza ny vahoaka afaka. Ny vahoaka afaka ihany no mahazo miteny aminy ».

Injay fa misy mimonomonona ny vitsivitsy aminy. Nitodika tamin' i Akela ilay Loup vao effaona izay ka namerina ny fanotanian' i Shere Khan hoe :

Loup : Hataon' ny vahoaka afaka inona tokoa moa izay zanak' olombelona ».

Araka ny lalàn' ny Jungle, raha misy fifandirana amin' ny fandraisana ankizy isan' ny foko dia tsy maintsy misy roa aminy sady tsy ny rainy na ny reniny, mangataka ny hidirany.

Akela : Iza no hiteny ho an' ilay kely ity ? Iza amin' ny vahoaka afaka no hiteny ?

Tsy nisy namaly anefa. Mère Louve kosa etsy, miomana ny hanao ny ady farany raha ilaina izany hiarovany an' i Mowgli. Kanjo indro nitsangana Baloo. Baloo no hany vahiny mahazo manatrika ny foibem-pokonolona. Baloo ilay bera manjamanja toa hoatry ny matoritory kanefa izy no mpampianatra ny lalàn' ny Jungle ny ankizy.

Baloo, ilay mahazo mandeha amin' izay rehetra tiany haleha, satria tsy mihinana afa-tsy voankazo, fakan-kazo sy tantely izy. Nitsangana i Baloo ka niteny hoe :

Baloo : ilay zanak' olombelona ve, ilay zanak' olombelona ?

izaho no hiteny ho an' ilay zanak' olombelona. Tsy misy maharatsy ny zanak' olombelona. Izaho moa tsy dia mahay mikabary loatra kanefa ny marina no lazaiko. Avelao izy hikarenjy miaraka amin' ny fokontsika. Izaho ho hampianatra azy ».

Akela : mbola mila anankiray koa isika. Efa niteny i Balo, ary izy no hampianatra ny zanatsika. Iza no hiteny hanampy an' i Baloo ?.

Indro nisy aloka nianjera teo afovoan' ny faribolana. Bagheera io. Ilay panthère mainty. Mainty mangiloilo ny volony kanefa hita mitaratra eny ihany ny soratra panthère.

Tsy misy izay tsy mahalala an' i Bagheera ary tsy misy sahy mananiny azy fa i Tabaki tsy fetsy noho izy ary ny ombimanga tsy sahy hoantra azy na dia ny elefanta maratra aza tsy atahorana hoatra azy. Ny feony anefa manga malefaka ary mamay toy ny tantely mitsororoka avy eo amin' ny tohotro.

Bagheera : « o ry Akela o ! ary hianareo ry vahoaka afaka,(**feo malakolako**) tsy manana alalana hiteny eto amin' ny fivorianareo aho kanefa ny lalàn' ny Jungle dia milaza fa raha misy fisalasalana amin' ny raharaha anankiray afa-tsy ny momba ny fandatsaha-dra, raharaha mikasika ny ankizy, ohatra, dia azo avotana ny ain' io zaza io. Ny lalàna anefa dia tsy milaza izay mahazo manavotra azy. Marina ny nolazaiko sa tsia ? ».

Loups madinika (noana lalandava) : « Marina izany ! Marina izany ! Henoy i Bagheera : Azo avotana ilay kely io. Izany no lalàna ! ».

Bagheera : Fantatro tsara, fa tsy mahazo alàlana hiteny eto aho, koa dia mangata-dàlana aminareo aloha ».

Miaraka:« Mitenena e ! hoy ny feo avy atsy sy ary ».



Bagheera : « Mahafa-baraka izany mamono zazakely tsy maharotena izany. Afa-tsy izany, ho afaka hanampy antsika hihaza tsar aizy rehefa lehibe. Efa niteny hoa zy i Baloo, koa ho fanampin' izany tenin'i Baloo izany dia manolotra ombalahy aho, ombalahy matavy vao avy novonoiko tsy dia lavitra loatra akory avy eto. Raha raisinareo araka ny lalàn' ny Jungle ilay zanak' olombelona dia anareo ilay ombalahy. Misy tsy mahamety izany ve ? » .

Horakoraka no namaly an' izany : « Tsy maninona e ! honfatin' ny orana ihany izy amin' ny ririnina ary ho kilan' ny hainandro amin' ny lohataona. Inona koa moa no ho ratsy ho vitan' izay sahabakaka amintsika ? aoka izy hiaraka hikarenjy amin' ny fokontsika Aiza ilay ombalahy ry Bagheera o ! miandany aminao izahay amin' izany hevitra izany ».

Akela (niantso mafy indray) : « jereo tsara, jereo tsara ry Loups o ! »

Mowgli kosa mbola variana milalao vatokely ihany. Tsy niraharaha akory ny Loups nifandimby namantatra azy izy.

Nony farany, dia lasa nidina any an-dohasaha ry zareo, fa Akela sy Bagheera sy Baloo ary ny Loups rahalahin' i Mowgli sisa nijanona teo.

Mbola nierona tany amin' ny aizina tany i Shere Khan,..Tezitra mafy loatra mantsy izy fa tsy nahazo an' ii Mowgli.

Bagheera : « Eny e ! Mahazo mitrena ialahy. Ho avy ny andro ka io zazakely tsy manam-piarovaan io no hampivadika ny fitreron' ialahy ho toloko. Izaho mahalala tsara ny olombelona ».

Akela : « Tsara ny nataotsika, malina dia malina ny olombelona sy ny zanany. Mety hahazoantsika soa ilay kley io indray andro any ».

Bagheera : « Marina izany ! Indray andro any, iza tokoa no mahalala, hilaintsika izy, tsy misy mahazo mitompo teny fatratra fa hitarika ity foko ity mandrakizay ».

Tsy namaly Akela. Fantany fa any aoriana any rehefa mihareraka andro aman'alina izy diahovonoin' ny Loups ka hosoloany lehibe vaovao, ary any aoriana any koa io lehibe io dia hosoloana hafa indray. Izany mantsy no fomban-tany.



Père Loup : « Ento izy, ary tezao mba ho mendrika ny vahoaka afaka ».

Dia toy izany no nahatafiditra an' i Mowgli ho isan' ny fokon' ny Loups tao Seonee satria navotan'i Bagheera tamin' ny ombalahy ary notohanana'i Baloo tamin' ny teniny feno fitiavana.

ILAY VONINKAZO MENA

Ndeha handingana 10 na 11 taona isika, ka tsy hitantara amin' ny an-tsipirihan' ny fiainana mahavariana niarahan' I Mowgli tamin' ireo Loups kely nandritr'izany fotoana izany. Mbola zaza I Mowgli nefa ireto rahalahiny kosa efa Loups lehibe. Na izany aza anefa dia nampianarin' ireo Père Loup ny raharahany izy, ary misy dikany aminy avokoa ny zava-miseho rehetra ao amin' ny Jungle, na fihetsiketsiky ny bozaka, na ny tsio-drivotra mafana amin' ny alina, na ny fikiririokan' ny vorondolo any ambony lohany, na ny feon' ny hodi-kazo kitikitihin' ny ramanavy raha sendra miala sasatra kely iny, na ny fitsambikin' izay trondro kely indrindra ao anaty rano, samy misy antony lehibe tamin' I Mowgli avokoa ireny. Rehefa tsaroany fa maloto izy na raha mafana loatra ny andro dia lasa mandro any amin' ny dobo any an'ala izy, ary rehefa lany ny tanteliny(milaza taminy mantsy I Baloo fa ny tantely sy ny voankazo dia fihinana ary matsiro tahaka ny hena manta koa), ka rehefa lany ny tanteliny dia lasa miremby tantely eny ambony hazo izy. Mitsotra eo amin' ny vatan-kazo iray I Bagheera dia miantso azy hoe:

Bagheera: “Avy aty razandry a”.

Natahotra I Mowgli tamin' ny voalohany ka toy ny fiani-kazo no nataony.Tato aoriana anefa dia manajary kinga sy sahy izy ka nitsambikimbikina eny ambony hazo ary mila hahatoraka ny rajako.

Mandray ny anjaran-toerany eo amin' ny vatolampim-pihaonana koa izy rehefa mivory ny foko, ary tena hitany fa rehefa misy loup banjiny dia voatery miondrika, ka nanjary nataony fanalana andro izany. Indraindray koa izy dia manala ny tsilo manindrona ny sakaizany, mijaly ery mantsy ny Loups amin' ireny fa tsy mba afaka manala izany moa izy fa dia mihafy foana eny. Amin' ny alina dia midina eny an- dohasaha ka variana ery mijery ny saha sy ny trano bongon' olona.Mahina dia mahina anefa izy amin' izany, satria misy vata efa-joro natorin' i Bagheera azy, tsara hafina ery ka raha tsy mitandrina dia mety hahahitsaka azy: fandrika io.

Fa ny tena mafinaritra an' I Mowgli anefa dia ny miara-misitrika amin' I

rehetra, koa nolazainy mazava tamin' I Mowgli fa ho vonoin' I Shère Khan izy indray andro any.

Mowgli (sady mihome no namaly): "Ny foko momba ahy, ise koa momba ahy, ary Baloo na dia iny kamokamo fihetsika iny aza dia mba hamely daka indray mandeha na indroa hiaro ahy, ka inona no atahoran' ise raha izany?"

Indray andro izay raha nigaingaina ny hafanana dia nahita hevitra I Bagheera raha nandre ny resaka nataon' I Sahi, ilay sokina. Koa indray hariva raha mbola niondakondana taminy teo Mowgli dia nilaza hoe:

Mowgli: Imbetsaka hoatran' ny isan' ireo voankazo ambonin' ny lohantsika ireo, fa tsy mahay manisa rahateo moa izy. Ka afaka hanao inona anefa izy? Te-hatory aho izany, ry Bagheera, ary I Shère Khan dia be fihetsiketsehana sy be vava Sahala amin' I Mori lay vorombola.

Bagheera any afovoan' ny ala mikitroka maizina. Matory any izy roa lahy amin' ny atoandro ary nony alina dia variana ery Mowgli mijery ny fomba fihazan' I Bagheera; na iza mahay miodi-kavia na iza mahay mihodin-kavanana dia tsy misy afaka raha sehatra azy, Mowgli koa efa mila hahatoraka azy koa. Raha vao ary saina I Mowgli dia nilazan' I Bagheera fa tsy tokony hikasika ny omby, satria tao amin' ny fivorian' ny foko dia navotany tamin' ny ain' ombilahy izy.

Bagheera: "Ise no tompon' ny Jungle, azon' ise vonoina avokoa izay haza tian' ise ka tratran' ny ain' ise, kanefa mba ho fahatsiarovana ilay ombalahy nanavotana an' ise dia aza mamono omby na mihinana ny henany ise. Izany no lalàn' ny Jungle".

Narahin' I Mowgli tsara izany.

Nitombo sy nihanatanjaka I Mowgli toy ny zaza tsy makany am-pianarana ary tsy mikarakara afa-tsy izay hanin-kohaniny.

Mère Louve: I Shère Khan dia tsy mba azo itokiana, ary indray andro any dia tsy maintsy mamono an' I Shère Khan aho.

Raha Loup no nilazana izany dia tsy ho hadinony intsony mihintsy, fa

saingy mbola ankizy kely ary I Mowgli ka manadinodino.

Shère Khan anefa manao andri-maso an' I Mowgli. Nony efa miha-antitra I Akela ka nihareraka, dia araraotin' ilay tigra mandringa ka manjary nahazo namana betsaka tao amin' ny foko izy, dia ireo Loup tanora fanahy manaraka azy mihinana ny sisany. Zavatra tsy neken' I Akela mihitsy izany saingy tsy sahy mampiasa ny fahefany tanteraka intsony ary izy. Afa-tsy izany Shère Khan koa dia tsy nitsahatra nandokadoka an' izy ireo.

Shère Khan: "Gaga aho, raha mpihaza kinga sy tanora hoatra anareo izao ka ho afa-po amin'izay hotarihan'izay Loup efa konka sy izay zanak'olombelona. Henoko koa fa tsy misy mahabanjina azy hianareo reehfa mivory eo amin' ny vato fisainana".

(Loup mimonomonona) Nimonomonona fotsiny ireto Loups tanora fanahy ary ny volon-katony foana no natsangany.

Henohenon' I Bagheera izany fa izy moa mandre sy mahita ny zavatra rehetra, koa nolazainy mazava tamin' I Mowgli fa ho vonoin' I Shère Khan izy indray andro any.

Mowgli (sady mihomehy no namaly): "Ny foko momba ahy, ise koa momba ahy, ary Baloo na dia iny kamokamo fihetsika iny aza dia mba hamely daka indray mandeha na indroa hiaro ahy, ka inona no atahoran' ise raha izany?"

Indray andro izay raha nigaingaina ny hafanana dia nahita hevitra I Bagheera raha nandre ny resaka nataon' I Sahi, ilay sokina. Koa indray hariva raha mbola niondakondana taminy teo Mowgli dia nilaza hoe:

Mowgli: Imbetsaka hoatran' ny isan' ireo voankazo ambonin' ny lohantsika ireo, fa tsy mahay manisa rahateo moa izy. Ka afaka hanao inona anefa izy? Te-hatory aho izany, ry Bagheera, ary I Shère Khan dia be fihetsiketsehana sy be vava Sahala amin' I Mori lay vorombola.

Bagheera: Tsy andro fatoriana intsony izao. Baloo mahalala avokoa, ary

ny diera adaladala ireny aza dia samy mahalala Tsy efa niresaka tamin' ise Tabaki?

Mowgli: Oh! Ho! Tsy ela loatra izay dia tany amiko I Tabaki nanao tantara valamaty tamiko: zanak' olombelona hono aho, zaza miboridana, tsy maha-ongotra na vodin' oviala iray akory aza..... Noraisiko tamin' ny rambony anefa Tabaki ka nakapokapoko tamin' ny vodi-hazo mba hahaizany miaina.

Bagheera: hevitra diso izany fa na dia mpanely tsaho aza Tabaki dia misy zava-dehibe mikasika an' ise tiany ho noresahana. Ahirato tsara ny maso, razandry, tsy sahy hamono an' ise aty anaty Jungle akory Shère Khan, nefa tsarovy fa efa antitra Akela ary ho avy ny andro izay tsy hahafatesany intsony ny osidianay; ary amin' izay fotoana izay dia tsy ho mpitarika ny foko intsony izy. Maro koa ireo Loups izay nandinika an' ise raha naseho tao amin' ny vato fisainana ise no efa antitra amin' izao fotoana izao, ary ireo Loups mbola tanora dia mihevitra fa tsy misy anjara toeran' ny zanak' olombelona na ao amin' ny foko. I Shère Khan mantsy no namboisy azy amin' izany. Afaka kely foana dia ho olon-dehibe ise.

Mowgli: koa inona anefa izay olona tsy miaraka amin' ny rahalahiny? Teraka taty amin' ny Jungle aho, nitandrina ny lalàn' ny Jungle ary tsy misy na dia Loup iray aza izay tsy notsoahiko ny tsilo nahavoana ny tongony. Tena rahalahiko mihitsy izy ireo.

Bagheera(mitsotra, mivalapatra sady somary miki-py ny masony): Razandry o, ataovy ato ambany valanoranoko ange ny tanan' ise!

Natsotran' I Mowgli tao ambany saokan' I Bagheera, ny tany ka tsapany fa indro faritra kely iray tsy misy volo. Tsy misy mahalala eto amin' ny Jungle, na iray aza.

Bagheera: fa izaho Bagheera dia mitondra io marika io.... Mariky ny fihavozona io, razandry. Tany amin' ny tanànan'olombelona no nahaterahako, ary ny reniko dia maty tany amin' ny tranom-biby tao amin' ny rovan' ny mpanjaka ao Oodeypore. Izany no antony nanavotako an' ise tao amin' ny vato fisainana raha mbola zazakely miboridana ise. Eny, izaho koa dia teraka tany an-tanànan' ny

olombelona. Tsy mbola nahita ny Jungle hatrizay niainako aho. Vilany vy no nitondrana hanina ho ahy tao anaty fefy vy, kanefa indray alina dia tsaroko fa Bagheera (pantera) aho fa tsy kilalao natao ho an' ny zanak' olombelona. Nopotehiko tamin' ny daka indray mandeha ny hidin' ilay trano nametrahana ahy dia lasa aho. Ary satria efa haiko ny fomban' ny olombelona dia nanjary natahorana noho I Shère Khan aho eto amin' ny Jungle. Tsy marina ve izany?

Mowgli: Eny, matahotra an' I Bagheera avokoa ny Jungle manontolo afa-tsy Mowgli!

Bagheera: Oh! Zanak' olombelona ise, hoy ilay pantera mainty tamin' ny feo feno fitiavana. Ary sahala amiko izay niverina tany amin' ny Jungle fonenako, ise koa dia tsy maintsy miverina any amin' ny olombelona, ary amin' ny olombelona izay rahalahin' ise ... raha toa tsy matyeo amin' ny vato fisainana ise alohan' izany.

Mowgli: Ary nahoana moa no misy mitady hamono ahy?

Bagheera: Jereo aho!

Nobanjinin' I Mowgli mafy Bagheera, tsy ampy an-tsasa-minitra akory dia nitanondrika ilay pantera mainty.

Bagheera: Izay no antony, na izaho aza dia tsy afaka mibanjina an' ise, razandry, noho ise efa nifanerasera tamin' olona sady tia an' ise. Ny hafa dia mahalala an' ise, satria tsy mahatanty ny fibanjin' ise izy, satria ise manan-tsaina, satria ise nanala ny tsilo tamin' ny tongony... satria ise olombelona.

Mowgli: (feo mihantahanta, sady naketronyihany ny handriny) Tsy fantatro lahy izany zavatra izany.

Bagheera: Inona moa no lalan' ny Jungle? Asio aloha dia avaho fitenenana amin' izany. Na ny fahitany an' ise tsy rototra aza dia tsy ahatsiarovany fa olombelona ise. Kanefa mitandrema. Mino marina aho fa raha vao tsy mahazo ny hazany Akela dia hiodina aminy sy amin' ise ny foko; isan' andro izao anefa dia efa mihasahirana ihany izy vao mahazo ny osy diany. Ho hararaotin' ny fahavalon' ise izay fotoana izay. Ho voriny ao amin' ny vato fisainana ny foko ary amin' ny

izay fotoana izay hitako ny hevitra (sady nitsambikina izy). Mandehana haingana midina any an-dohasaha any amin' ny tranon' ny olombelona, makà Voninkazo Mena izay ambolena any, ka rehefa tonga ny fotoana dia hanana namana mahery noho izaho na I Baloo na ireo izay tia an' ise ao amin' ny foko ise. Mandehana maka Voninkazo Mena.

Ny ataon' I Bagheera hoe **“Voninkazo Mena”** dia ny **“Afo”**, kanefa tsy nisy na dia zava-manan' aina iray aza sahy nanonona tamin' ny anarany. Nihorohoro avokoa ny biby raha vao mieritreritra azy fotsiny ary mamorona izao anarana rehetra hanambarana azy.

Mowgli: Ny voninkazo Mena, 'Ndeha haka ary aho fa eny akaikin' ny tranon' ny olona izy ireny no maniry rehefa hariva ny andro.

Bagheera (faly): Inay any fa mihetsika ny tambavin' ny zanak' olona, Tsarovy fa ao anaty vilany kely izy no maniry, 'ndeha haingana maka ary aza sarahina amin' ise amin' ny fotoana ilan' ise azy.

Mowgli: Lasa ary aho, nefa mino ve ise ry Bagheera (sady nosafosafony ny hatok' ilay pantera), mino ve ise fa dia I Shère Khan tokoa no manao izao tetika ratsy rehetra izao?

Bagheera: Lazaiko marina amin' ny hidin-trano nopotehiko nanafaka ahy raha tsy ten amino tokoa aho, razandry.

Mowgli: Lazaiko marina amin' ny ombalahy nanavotana ahy fa hovaliako amin' I Shère Khan arak' izay tokony ho izy ny anjarany, ary angamba hanan-tombo kely aza.

Dia lasa I Mowgli.

Bagheera (sady nandry): izany tokoa ny olombelona, izany tokoa ny fomban' ny olombelona. Odrey ry Shère Khan, tena niditra tamin' ny kizo tokoa ialahy nihaza iny sahobakaka iny 10 taona lasa izay.

Efa lasan-davitra sahady Mowgli nanavatsava ny ala, nanao hazakaza-madinika, ary tsaroana fa nafanafana ery ny fony.

Efa niakatra ny zavona hariva nony tonga teny an-davaka izy, naka aina kely aloha izy dia nitazana eny an-dohasaha; nefa tsy tao intsony

ny Loups rehetra madinika fa reniny kosa, izay sisa tao dia nahafantatra tamin' ny fiefonefon' I Mowgli fa nisy zavatra nanelingelina ny sainy ity zanany.

Reniny: fa misy inona anaka?

Mowgli: Ry zareo ramanavy no mandefa tahotsaho momba an' I Shère Khan. Handeha hihaza any an-tany fambolena aho anio hariva. Namakivaky ny kirihitrana izy mba ho tonga eny amin' ny renirano eny an-dohasaha. Niala-janona kely izy aloha fa inay henony ny feon' ny diera mirehoka hazain' ny foko. Injany kosa ny horakoraky ny Loups madinika feno eso sy nipetsopetsona.

“An' I Akela e! an' I Akela e!aoka izy hampiseho ny heriny! Aoka ho an' ny lehiben' ny foko. Mitsambikina, ry Akela ol!”

Angamba nitsambikina I Akela ary tsy nahazo ny hazany satria henon' I Mowgli ny fikaratony ny vazany nony voatsimbadi' ilay diera izy. Ampy an' I Mowgli izay ary tsy nihaino intsony izy fa ny lalany no nozoriny namonjy ny tanàna omban' ny olona.

Mowgli: Angamba nitsambikina I Akela ary tsy nahazo ny hazany satria henoko mihitsy ny fikaratoky ny vazany izay nony voatsimbadi' ilay diera izy.

Ampy an' I Mowgli izay ary tsy nihaino intsony izy fa ny lalany no nozoriny namonjy ny tanàna omban' ny olona.

Mowgli: Marina tokoa no nolazain' I Bagheera (sady niery tao anaty atontan' ampanga napetraky ny olona teo anoloan' ny varavarankely izy). Rahampitso ny andron' ny Akela sy ny androko.

Notazaniny avy eo am-baravarankely ny afo teo am-patana, hitany koa ny vehivavy anankiray miarina amin' ny alina ka mamahana ilay lelafo amin'ny vongan-javatra maintimainty ary nony maraina dia indro nisy ankizy anankiray mitondra harona misy tany izay nofenoiny vainafy ka nosakelehany tany anaty lambany nony 'ndeha hiandry omby izy.

Mowgli: Hay ve izay monja? Raha zavatra hain' ny ankizy iny dia tsy hisy hatahorako.

Nihodina teo an-joron-trano izy ka nifanehatra indrindra tamin' ilay ankizy, nosintoniny teny an-tànany ilay afo dia lasa nandositra izy ka tsy tazana intsony fa ilay ankizy kosa nidradradradran' ny tahotra.

Mowgli: tena tsy misy hafa amiko lahy ry zareo izany hoy I Mowgli. (sady mitsoka ilay vainafo toy ny nataon' ilay vehivavy), ho faty ity zavatra ity raha tsy homeko hanina.

Dia nasiany rantsan-kazo madinika sy hodi-kazo maina ilay zavatra menamena. Nony mby teny an-tehezan-kavoana dia nifanena tamin' I Bagheera izy.

Bagheera(pantera): Tsy nahazo ny hazany Akela, saiky hovonoin- dry zalahy omaly alina izy saingy ise koa no notetehiny. Nokarohiny eran' ny tampon-tanety ise.

Mowgli: Teny an-tany fambolena aho. Vonona aho izao. Jereo ange! Dia natolotry Mowgli azy ilay haron-kely feno afo.

Bagheera: Raikitra izany! Tsipazan' ny olona rantsakazo maina io zavatra io, dia miaraka amin' izay mivelatra ny Voninkazo Mena... Tsy matahotra ve ise?

Mowgli: Ah! Ka inona anefa no hatahorako? Izao vao tsaroako... raha tsy nofiko angaha fa talohan' ny naha-loup ahy, dia natory teo akaikin' ny voninkazo mena aho ary nafana sy nahafinaritra ery teo.

Nandritra iny andro iny dia nijanona tao an-davaka I Mowgli. Notahitahiny tsara ilay haron-kely nisy afo, nasiany rantsan-kazo maina ahitany ny firehiny. Nony harina dia tonga tao an-davaka I Tabaki nilaza taminy somary manaraby fa mitady azy ry zareo any amin' ny vato fisainana.

Nanaovany hehy be fotsiny I Tabaki ka vaky nandositra. Dia lasa I Mowgli sady mbola nihomehy ihany.

Teo akaiky ny vatolampiny Akela no nipetraka toy ny nanambara fa tonga ny fotoana tokony hanoloana azy. Shère Khan kosa arahin' ny lousps mpihinana ny sisany dia nivezivezy etsy sy aroa sady niedinedina ery.

Bagheera nipetraka eo akaikin' I Mowgli izay mitana ilay haron-kely misy ilay vain' afo eo am-pofaony. Nony vory daholo izy rehetra dia niteny Shere Khan, tsy zavatra tsy ho sahiny natao tamin' ny andro fahiny nampanan-kery an' I Akela.

Bagheera: Tsy rariny izao. Lazao azy. Izay zanak' alika io avy, hatahotra izy.

Dia nitsangana I Mowgli.

Mowgli (niantso mafy): Ry vahoaka afaka, fa I Shère Khan ve no lehibentsika? Inona no raharahan' izay Tigre amin' ny fitondrana ny foko?

Shère Khan: satria efa tonga ny fotoana hanoloana an' I Akela, ary nangatahiny aho hiteny.

Mowgli: Iza no nangataka an' ialahy. F'angaha isika rehetra ve dia Tabaki avokoa no hisolelaka amin' ilehio. Ny foko irery ihany no miandraikitra ny fitondrana ny foko.

Dia nisy hiakiaka: "Mangina ialahy r'ilay zanak'olombelona ity a! Aoka izy hiteny fa nitandrina ny lalàntsika".

Nony farany dia niara-niredona ny tranainy tao amin' ny foko: "Aoka hiteny ny Loups rehetra maty".

Rehefa tsy mahazo ny hazany ny lehiben' ny foko dia "loup maty" no iantsoana azy amin' izay andro kely sisa hiainany.

Natrankan' I Akela ny lohany ary hoy izy:

Akela: Ry vahoaka afaka ary hianareo ry Tabaki mpanaraka an' I Akela. 12 ranonorana izay no nitondrako anareo nihaza; ary samy nahazoanareo ny anjaranareo. Nandritra izany fotoana izany dia tsy nisy taminareo na iray aza voan' ny fandrîka na tapa-tongotra. Tsy nahazo ny hazako aho izao. Fantatrareo ny teti-dratsy natao tamin' izany. Fantatrareo fa osidia mbola tsy reraka no natolotrareo nosamboriko mba hampisehoana fa efa osa aho. Azonareo atao izao ny mamono ahy eto amin' ny vato fisainana. Noho izany dia manotany aho; Iza no hamonjy an' I Akela? Satria araka ny lalan' ny Jungle dia azoko atao ny miady amin' izay tsirairay miakatra eo

eo hamono ahy.

Sina tsy nisy nahateny ny be sy ny maro. Tsy nisy na dia Loup iray sahy nifanandrina amin' I Akela. Dia nihiaka I Shère Khan.

Shère Khan: Tssss.... Inona koa no iraharahantsika izay antitra bangaridana io. Efa naman' ny maty io. Ilay zanaka' olombelona no efa ela nihainana teto.Rt vahoaka afaka o!! efa hatramin' ny voalohany io no hazako ka omeo ahy izy.Ampy izay.Efa 10 ranonorana izay no nanabatabany ny Jungle. Omeo ahy ilay zanak' olombelona fa raha tsy izany dia mbola hihaza ety aminareo ihany ka tsy misy ho anareo intsony na dia singan-taolana aza. Olona io zanak' olombelona ka halako hatrany amin' ny tsinay maintiko.

Dia maro no nihiaka hoe: Olombelona, olombelona, inona koa no ifampiraharahan' ny olombelona amintsika.Aoka izy ho any amin' ny namany!

Shère Khan(nitrerona): ka raha izany dia hanenjika antsika ny mponina rehetra any an-tanàna. Tsia, tsia omeo ahy izy. Olombelona io, ary tsy misy amintsika mahatanty ny hobanjiny.

Akela (nitraka indray izy): Niara-nihinana tamintsika izy, niara-natory tamintsika izy. Nanenjika haza ho antsika.Tsy mbola nandika ny lalàn' ny Jungle izy.Ary izaho no nanavotra azy tamin' ny ombalahy tamin' ny fotoana nandraisana azy: zavatra kely ihany angamba ny ombalahy kanefa ny voninahitr' I Bagheera tsy vitavita foana toy izany, raha tsy misy ady. Izay ombalahy efa 10 taona izay. Misy antony inona aminay izay taolana efa 10 taona!.

Bagheera: Ary ny voady?(sady naraniraniny ny vanginy), izany hono hianareo ka mba atao hoe vahoaka afaka.

Shère Khana (nihiakiaka) : tsy misy zanak' olombelona tokony hiaraka amin' ny vahoaky ny Jungle. Omeo ahy izy.

Akela: rahalahintsika amin' ny zavatra rehetra izy afa-tsy amin 'ny ra. Dia ho sahinareo ve ny hamono azy eto? Marina tsy dia efa antitra miverin-tsaina tokoa no hiheveranareo ahy izany. Misy aminareo mihinana ombin' olona ary ary henoko koa fa ny sasany manaraka ny

hevitr' I Shère Khan ka lasa nangalatra zanak' olombelona eny ambavahadin-tanàna amin' ny alina. Koa dia fantatro fa kanosa hianareo; koa dia miresaka amin' ny kanosa aho izao. Marina fa tsy maintsy ho faty aho izao ary tsy dia misy intsony ny aiko, fa raha tsy izany dia homeko hanavotana ny voninahitry ny foko izy efa nohosihosenareo amin' ny tsy fanoavanareo ny lehibe, dia manaiky aho fa tsy hiaro tena rehefa tonga ny fotoana hamonoana ahy. Tsy misy azoko atao mihoatra an' izay intsony. Koa raha ekenareo izany dia tsy ho afa-baraka amin' izany hoe mamono rahalahy hianareo, rahalahy tsy manantsiny... rahalahy novinidy vao noraisina teto amin' ny fokontsika, araka ny lalàn' ny Jungle.

Mpivory: Olombelona io, olombelona. Ary ny Loups sasantsasany dia efa nitangorona nanodidina an' I Shère Khan izay efa nipelipeli-drambo ery.

Bagheera: Ise sisa no mahavotra an' ity ry Mowgli. Tsy misy azonay atao intsony afa-tsy ny miady.

Nitsangana I Mowgli sady teny an-tanany ilay haron-kely misy vainafo. Sady tezitra izy no nalahelo nahita ity fankahalan' ny Loups azy.

Mowgli: Henoy! Tsy ilaina ny mihiakiaka hoatry ny alika toy izao. Efa noventimbentesinareo ery androany ny filazana fa olona aho; kanefa raha sitrapoko dia ny hijanona ho Loup mandra-pahafatiko. Misy marina ny teninareo. Ka noho izany dia tsy hataoko hoe rahalahiko intsony hianareo fa sag(alika), sahala amin' ny filazanareo ny olona ihany. Tsy anjaranareo ny milaza izay tokony sy tsy tokony hataonareo. Anjarako izany. Ary mba hampahazava ity resaka ity, izaho olombelona dia nitondra voninkazo Mena kely izy atahoranareo alika.

Natsipiny tamin' ny tany ilay haron-kely. Nisy vainafo nipitika ka nandrehitra bozaka manodidina. Nihorohoro ny mpivory ka nihemotra nahita ity lelafo.

Natsatok' I Mowgli tao anaty afo ny rantsan-kazo iray ka nony nirehitra dia nahodikodiny teo ambony lohany. Ny Loups nanodidina azy kosa nandadilady tamin-tahotra.

Bagheera (nibitsibitsika): Ise no tompon' ny laka, vonjeo Akela! Sakaizan' ise na tamin' ny mora na tamin' ny sarotra izy.

Akela tsy nataho-maty hatrizay niainany, iny tonga nanopy maso toa miangavingavy tamin' I Mowgli.

Mowgli (nibanjina ireo Loups nanodidina azy): Hay ve. Itako izao fa alika tokoa hianareo. Handao anareo aho ary hody any amin' ny olona sahala amiko ary mitovy amiko tokoa izy ireo. Tsy azoko diavina intsony ny Jungle. Ho hadinoiko ny fiteninareo sy ny fiharahana taminareo, kanefa tsy ratsy hoatra anareo aho: satria rahalahinareo tamin' ny zavatra rehetra aho afa-tsy amin' ny ra, dia mianiana eto anatrehanareo aho fa rehefa tonga any amin' ny olombelona dia tsy hamadika anareo amin' izy ireo tahaka ny namadihanareo ahy.

Nodakany indray mandeha ilay afo ka niparidadritaka ny vainafo.

Mowgli: Tsy hisy ady eto amin' ny fokontsika. Ka misy trosako tsy maintsy hefaiko alohan' ny handehanako.

Nitsambikina nanatona an' I Shère Khan izay nikipikipy maso toy ny adala fa notarafin' ny afo izy. Noraisiny tamin' ny volon-tsaokany ilehio. Bagheera kosa manaraka avy ato aorianany sao misy hatairana.

Mowgli: Mitsangàna ilay alikalahy ity. Mitsangàna rehefa rehefa miteny ny olombelona sao dorako eo ny volon' ialahy.

Niroraka ny sofin' I Shère Khan. Nakipiny ny masonry fa takaiky azy loatra ilay rantsan-kazo nirehitra.

Mowgli: Ilay mpihinan' ombin' olona ity no nadefa vava fa hovonoiny eto am-pivoriana eto hono aho satria tsy matiny fony mbola kely. Toy izao ary no ikapohanay olombelona ny aliak. Ahetseho indray mandeha monja eo ange ny volombavan' ialahy, r' ilay kotringa ity, raha tsy atsofoko any anaty tendan' ialahy any ity Voninkazo Mena ity.

Nokapohaniny tamin ilay hazo ny lohan' I Shère Khan ka nikonaina sy nitoreoreo hoatry ny efa ho faty ilay tigre.

Mowgli: Tssss! Ilay saka komavoka ratsy ity. Mandehana ialahy mandeha any; kanefa tsarovy izao teniko izao: rehefa miverina eto amin' ity Vato fisainana ity aho amin' ny manaraka izao dia misatroka ny hoditr' I Shère Khan.



Afa-tsy izany Akela dia mahazo manao izay tiany. Tsy azonareo vonoina izy satria izaho no miaro azy. Ary inona koa no mbola ivorian' ny alika eto ihany. Adiky!

Nidedadedada ery ny afo teo an-tendron' ilay rantsan-kazo izay nakapokapon' I Mowgli atsy sy ary! Nitsoaka nandositra ny Loups fa main' ny pitik' afo. Nony farany, ny sisa teo, dia ingahy Akela, Bagheera, (ary angamba Loups tokony ho folo izay momba an' I Mowgli).

Injay nisy zavatra tsaroan' I Mowgli nanaintaina azy tany anatin' tany,

Loups efatra: sanatria raha mbola afaka mitsongo dia koa izahay. Tongàva eo ampoto-kavoana. Afaka hiresaka amin' ise eo izahay ary ho avy hilalao amin' ise amin' ny alina.

Père Loup: Miverena haingana. O ry sahabakaka kely o, vangio izahay fa izao hitanao efa antitra izao, izaho sy ny reninao.

Mère Louve: Miverena haingana ry sombin' ny aiko, fa izaho anie ry zanak' olombelona dia tia anao mihoatra noho ny nitiavako ny ankohonako!

Mowgli: Tsy maintsy hiverina aho, ary rehefa miverina aho dia hamelatra ny hoditr' I Shère Khan eo amin' ny vato fisainana. Aza manadino, ilazao avokoa ry zalahy rehetra any amin'ny Jungle any tsy hisy hanadino ahy.

Nangiran-dratsy ny andro raha nidina eny an-dohasaha I Mowgli, honjohonjon' izy irery no nandeha tamin' ny lalana mankany amin' ny zava-manan' aina saro-patarina atao hoe: **“OLOMBELONA”**.

NY FIAZAN'I KAA

Ny zavatra ho tantaraintsika manaraka eto dia niseho talohan'ny nandaozan'ni Mowgli ny Jungle. 12 taona i Mowgli raha nandao io toerana nahalehibe azy sy ny mamin'ny fony io., nefa ndeha hanao dia mianotra kely isika ka hitantara ny fiainany 5 taona lasa izay, raha mbola zaza 7 taona izy, ka nanaraka ny fiainana nomen'i Baloo azy.

Baloo no mpampiana-dalàna tao amin'ny jungle ary nahafaly azy ery ny ny nahita an'i Mowgli kinga saina sady mailaka no mahatozo. Ireo lousps madinika mantsy dia tsy te-hianatra afa-tsy izay mahakasika ny fokony ihany.

Indraindray i Bagheera tonga mitsidika ity sakaiza tiany ary finaritra ery mihaino an'i Mowgli mamaly ny fanontaniana apetrak'i Baloo tamin'ny lesona nianarana androtr'iny. Na hani-kazo, na lomano na hazakazaka dia samy zavatra hain'i Mowgli sy nahakinga azy avokoa. Koa ny nampianarin'Ingahy mpampiana-dalàna azy dia ny mamantatra hazo hanihina sy ny boboka; ny miresaka amimpanajana amin'ny tantely dia raha sendra tafahaona aminy; ny teny hatao amin'i Mang, ny Fanihy raha sendra manakatakatra azy amin'ny torimaso antoandrony iny ry zareo; izany hoe ny hahay miaina amin'ny mpiara-belona rehetra ao amiin'ny Jungle, fa tsy tian'ny mponina ao mantsy ny aviav tsy asaina sy mpanabataba.

Nianaran'i Mowgli koa ny hiakan'ny mpihaza fanao raha mihaza any antanin'ny hafa, raha adika amin'ny tenintsika izany dia tokony ho tahatahaka izao ny heviny: « Avelao mba hihaza eto aminareo fa noana » Ary tsy maharo ny adiny tahaka izao tsy mandroso » « <mandrosoa ary raha noho ny hanohanana hihazan'ise fa tsy hatraitra. »

Hitantsika fa betsaka ny zavatra tsy maintsy ianaran'i Mowgli. Rehefa tsy mahtanty i Mowgli dia voatefok'i Baloo. Midongy ilay zaza ka masa nihanin-kazo. Zanak'olombelona ise ka tsy maintsy mahay tsara ny làlan'ny Jungle rehetra, hoy i Baloo; Marina izany, hoy i Bagheera, nefa mbola kely loatra izy ka tsy hahatadidy izany rehetra izany. Raha kely angaha tsy misy mpamono hoy i baloo, izany no

antony hampianarako azy ny zavatra rehetra sy hamaizako azy raha tsy mahay izy. OH! Malefadefaka ihany no famaizako azy.

Malefadefaka hoe? Toa ohatry ny mba mahay zavatra malefadefaka iny ity ise amin'ity sandriben'ise, efa mangamangana nty tenan-jazakeny ka malefadefaka hono.

Aleoko izaho tia azy no mahamangamangana azy toy izay misy manjo azy noho ny tsy fahaizany, hoy i Baloo, sady nafanafana ery ny fony. Nampianariko azy daholo ny fanalahidim-pitenenana rehetra. Tsy very mandeha izy raha tadidiny ireo, ka tsy aleo ve izay na dia voatefotefoka aza.

Tandrema sao vonoin'ise izy, sao heverin'ise ho vatan-kazo fandrangan-koho dombo izy io ka ezakezahan'ise.

Ka inona avy anefa ireo fanalahidim-pitenenana hoy i Bagheera.

Aoka izy no hilaza azy, hoy i Baloo!

Avia Razandry, hoy i Bagheera.

Nitsontsorika avy any ambony hazo any i Mowgli.

I Bagheera no nahatongavako fa tsy ise, hoy izy.

Tsy mampaninona ahy izany, hoy Baloo, nefa nalahelo ihany izy. Avereno ho ren'i Bagheera ny fanalahidim-pitenenana nampianariko an'ise androany.

Ny fanalahidim-pitenenan'ny vahoaka inona anefa hoy i Mowgli? Sady niseho ho kevoka ery izy. Betsaka ny fanalahidim-pitenenana eto amin'ny Jungle nefa haiko avokoa hoy izy.

Mahay ise fa tsy tapi-pahaizana, hoy i Baloo. Jeren'ise ny Bagheera raha mba mahalala misaotra ny mpampianatra azy akory izy. Tsy mba misy lovitao misaotra an'lingahibe Baloo akory amin'ny lesona omeny, koa aseho ary izay hain'ise.

Dia nasesin'i Mowgli ny fanalahidim-pitenenan'ny biby rehetra ao amin'ny Jungle, miaraka amin'ny feo anao aminy tsirairay avy.

Koa dia tsy misy atahotany intsony izao, hoy i Baloo. Afa-tsy ny iray foko aminy angaha, hoy i Bagheera moramora.

Rehefa vitan'i Mowgli izany fanadinana izany dia lasa nisangi-sangy tamin'i Bagheera izy.

Izaho koa izao mba hanana foko hotarihiko eran'ny fihazana amin'ity Jungle ity, hoy i Mowgli.

Inona indray izany rediredin'adala izany, hoy i Bagheera.

Efa nampanantena ahy izy ireo ka ho toratorahanay avy eny ambony eny i Baloo.

Hanky va re! Hoy i Baloo, sady notehafiny indray mandeha i Mowgli ka nitsirara tery amin'ny tany. Niresaka tamin'i Bandarlog, ny vahoaka babakoto.

Nijery i Bagheera ka hitany koa fa vinitra dia vinitra.

Niaraka tamin'ny rajako ise, ny vahoaka tsy manan-dalàna, tena mahamenatra izany.

Rehefa nokapohin'i Baloo aho dia lasa nitsoaka, ary ny babakoto ihany no mba antra ka nanome voankazo ahy, sady nifokofoko nitomany. Nentiny tany amnony hazo tany aho ary nolazainy fa mpirahalaha mifanapa-ttsinay izahay fa saingy tsy manan-drambo fotsiny aho, ary dia hatsanga ho lehibeny hono aho. Mandainga izy , hoy i Bagheera, tsy manan-dehibe tsy manan-dalàna izy.

Henoy ry zanak'olombelona, hoy ny feo hesoheson'i Baloo. Nampianariko an'ise ny lalàan'ny Jungle ho an'ny vahoaka rehetra aty amin'ny Jungle afa-tsy ny vahoaka babakoto mponina eny ambony hazo. Tsy mba manan-dalàna izy ireny. Tsy manana tanindrazana. Tsy manana fiteny aza izy ireny fa izao fitenin'ny hafa rehetra izao no angalariny. Rehefa mitsikilo anay eny ambony hazo eny izy no makatahaka anay kanefa ny lalany tsy lalanay. Tsy manam-pitarika izy ireny. Kely saina. Mihevitra azy ho vahoaka lehibe izy ka hahavita zava-baventy eto amin'ny Jungle, nefa raha sendra misy vonkazo latsaka fotsiny dia mahahodina sainy ka hadinony ny fiksana tsara rehetra nananany fa ilaozany mivanika sy mikakakaka. Izahay eto

amin'ny Jungle dia tsy mifampiraharaha aminy na kely aza. Tsy misotro amin'ny rano isotroany izahay, tsy mihaza amin'ny toerana ihazany ary tsy maty amin'ny tany ahafatesany.

Izany voalazan'i Baloo rehetra izany dia tena marina avokoa. Ry zareo babakoto moa dia any an-tendron-kazo any foana. Ary satria mahalana foana no mitsoaka ny biby amin'ny Jungle dia saika tsy mba nahita azy izy. Kanefa misy loup marary, Bera maratra, dia toratorahin-dry babakoto tapa-kazo ary faly ery izy ireo manorisory ilay marary. Tsy ahoan-tsy ahoana hoy izy ireo dia mifanditra miady. Impiry akory moa izy ireo no mba saika nanana mpitarika hono, saika nanana lalàna nifehy azy, kanefa nolaviny daholo izany. Eboebo sy rehareha no mameno ny sainy. Tahatahaka izao ny fomba fiteniny: « ny hevitra atoron'ny Bandar-Log amin'izao fotoana izao no hevitra hanjaka eto amin'ny Jungle aoriana.

Menatra dia menatra i Mowgli tamin'izany rehetra izany ary nanapakevitra tsy hirray intsony amin'ny vahoaka Babakoto.

Natory teo anelanelan'i Baloo sy Bagheera.

Injay anefa tsaroany nisy nibata azy ka nitondra azy tany



an-tampon'ny hazo tany. Taitra tamin'ny torimasony i Baloo ary i Baheera nitsambikina nananika ny hazo. Ireo Babakoto kosa nikiakiaka sy niantso hoe : nigagan'i Bagheera izahay. Niaiky ny fahaizanay sy ny hakinganay ny vahoakan'ny Jungle manontolo. Babakoto roalahy matanjaka be no nibata an'i Mowgli tamin'ny sandriny iray avy ka nitondra azy naniditsidina eran'ny tendron-kazo. Tsy lazaina ny fahaizan'ny Babakoto mitsambikina miampitapita amin'ny hazo, ary ho haingana kokoa aza ny fandehany raha tsy nitondra an'i Mowgli. Tamin'ny voalohany aloha dia natahotra ny hazerany i Mowgli, rehefa afaka izany dia tezitra nisafoaka izy. Nony hitany ireto Baakoto be dia be nitondra azy ho babo, dia fantany fa tsy afaka hiady amin'izy ireo izy. ka ny hevitra tsara indrindra hitany, dia ny mampahafantatra an'i Baloo sy Bagheera izay toerana hirondran-dry Babakoto azy.

Ntopiny hiakatra ny masony ka indro tazany i Chil, papango, misodika ery ambony ery mitily ny hazany. Tazan'i Chil ihany ry zareo Babakoto nefa tsy fantany izay nentiny. Kanjo akory ny hatairany nony nandre ny antson'ny papango nalefan'i Mowgli izy. « Iray ra avokoa izaho sy ise »

Natelin'ny ravin-kazo indray izy ka difotra tsy hitany, nenjehin'ni Chil tery amin'ny tendron-kazo manaraka. Araho izay itondrany ahy hoy ny antson'i Mowgli. Ilazao i Baloo, ao amin'ny fokon'ny Seonee sy Bagheera any amin'ny Vato fisainana.

Amin'ny anaran'iza ry Rahalahy?

Amin'ny anaran'i Mowgli ilay sahobakaka... zanak'olombelona... izany no fiantsony ahy.

Nisondrotra ambony dia ambony i Chil nefa ny maso matsilo dia matsilo dia mahatazana hatrany ny nitondran'ny Babakoto an'i Mowgli. Eh, tsy lasa lavitra akory ireny, hoy i Chil, haitraitra fotsiny ny an-dry Bandar-Log. Tsy mba mahatanteraka hatramin'ny farany ny zavatra ataony izo. Ataon-dry Baloo sy Bagheera mitondra faisana anio.

Nandritra izany fotoana izany kosa, Baloo sy Bagheera dia noketoketohan'ny nenina sy ny alahelo. Nanandrana nianika ny hazo ihany i Bagheera nefa tsy nahazaka azy ny rantsan-kazo.

« Nahoana re hoy Bagheera no tsy noraran'ise tsotra izao izy tsy hifampikasokasoka amin-dry Bandar-Log? »

« Aoka aloha hipetraka handinika izay mety hatao, hoy Bagheera. Raha enjehintsika eo ireny mety hazerany i Mowgli rehefa may izy ».

Nisentosenton'ny alahelo teo i Baloo. Mety ho nazerany i Mowgli rehefa vizana nitondra azy izy. « anie aho nandrara azy tsy hifanerasera amin-dry Babakoto. Angamba hadinony izay ny fanalahidim-pitenenana noho ny kapoka nataoko taminy. Vao haingana foana no naveriny tamiko tsy nisy tomika izy rehetra », hoy i Bagheera.

« Tena efa antitra adala mihitsy ity izaho ity, hoy i Baloo. Tsaroako izao ny tenin'i Hathi ilay elefanta dia samy manana ny atahorany avokoa ny zava-manan'aina rehetra. Ary ry Bandar-Log mivarahontsana eo anatrehan'i Kaa, ilay menarana amin'ny vatolampy. Andao ho any aminy ».

Dia lasa izy roalahy nankany amin'i Kaa. Nitandin'andro teo ambony vatolampy koa tamin'izay fa vao avy niofo nandritra ny folo andro. « tsy nisakafo izy ity, hoy Baloo. Tandremo ry Bagheera fa somary pahimpahina ny masonry rehefa avy niofo toy izao izy ».

Tsy mba menarana misy poizina Kan, ary raha ny marina aza, dia afokainy ireny ka heveriny ho toy ny kanosa. Matanjaka be anefa Kaa fa izay jinjainy tsy afa-mihetsika.

« Mahazoa haza, hoy ny antson'i Baloo ». Somary marenin-drenina i Kaa, sahala amin'ny menarana iray karazana aminy ka tsy henony ilay antso. Nitraka ihany anefa izy. Niomana sao misy hatairana.

« Mahazoa haza hianareo rehetra hoy izy nony farany. Odrey ity Baloo; inona no ataon'ise aty? Ka ahoana r'ise Ry Bagheera!

Efa mahatsiaro noana ny iray amintsika ireto. Tsy misy biby azo hazaina ve any ho any ho hanina, na osy dia na Efa tena rebaka aho izany.

Ndeha hihaza indrindra izahay izao, hoy i Baloo tsy rotitra, fantany manty fa tsy azo taitairina i Kaa.

Aoka aho lehiretsy mba hiaraka aminareo hihaza.

Izaho efa sahirana ery vao mahazo haza fa tsy mahazaka ahy intsony ny hazo. Tamin'ny diako farany teo dia tapaka ilay hazo ka nanaitra an-dry Bandar-Log. Anaran-dratsy izao nomeny ahy izao.

« Tsy an-tongotra, kaankana mavo » hoy i Bagheera.

« izany tokoa ve no nataony anarako? »

« asa moa, fa zavatra sahalahala amin'izany. Izy ireo koa angaha tsy mirediredy foana. Araka ny feo reko aza dia miraraka hono ny nifin'ise ka tsy sahy misambotra afa-tsy zanak'osy intsony ise. »

Hita ho tezitra dia tezitra i Kaa na nanindry fo aza.

« ssss .., toa lasa nandositra izy ireny. Heno nitabataba tany ambony hazo tany izy aninkeheo. »

« Ny Bandar-Log indrindra no hazainay izao » hoy Baloo, nefa nahatsiaro menatra ery izy niteny izany.

« Zava-dehibe angaha izany manainga ny lehiben'ny Jungle izany?, hoy i Kaa »

Izao izy ity ry Kaa, angamba henon'ise ny amin'ilay zanak'olomeblona miaraka aminay. Nopahon-dry ilay Babakoto be ireny izy. Amin'ny vahoaka eto amin'ny Jungle anefa dia ise irery no atahoran'ny Bandar-Log.

« Levoko koa izy raha sendra ahy », hoy i Kaa.

« Nidiran-doza lahy ny zanak'olombelona! Aiza hono no nalehany izao? »

« tsy fantatray hoy i Baloo, izany no iarahanay amin'ise, sao mahalala ise.

« Izaho ? Inona koa no hiraharahiako an'ireo. Raha sendra ahy izy dia hahita ny tsy fahitany fa izaho tsy handnu andro hihaza izay Bandar-Log. »

« Aty ... aty! Oe! Oe! Aiza i Baloo, avy amin'ny fokon'ny loup Seonee; »

Nitraka i Baloo ka hitany i Chil ilay papango. Inona hoy izy?

« Hitako i Mowgli, nentin'i bandar-Log. Ary nangataka ahy



Izy hilaza aminareo. Nentina ery ankoatran'ny renirano izy. Ny eny, An-davabatomangatsiaka ». Asa na hijanona izy na mbola handeha; kanefa dia nasaiko namnara-maso nandritra ny alina ny fanihy.

« misaotra r'ise , hoy i Bagheera. Tsy hanadino an'ise aho amin'ny hazako manaraka fa havelako ho an'ise ny lohany.

« Tsy misy fisaorana hoy i Chil. Mahay ny fanalahidim-pitenenana ilay zaza, ka adidy tsy maintsy nataoko izany. Dia lasa i Chil.

« Tsy adino lahy ny fitenenana, hoy i Baloo, sady izy no nirehareha. Tsy very foana ny fampianarako ».

Tsy misy mahalala an'Andavabatomangatsiaka ny mponina ao amin'ny Jungle. Tanàna haolo rakotry ny hazo sy atsanga no ataon-dry zareo hoe Andavabatomangatsiaka. Mahalaana foana anefa ny biby ao amin'ny Jungle no mandeha any satria tsy hitan-dry zareo ny toerana efa nonenan'ny olombelona ary indrindra koa falehan'ny Bandar-log any.

« Lalana tapak'alina izany raha handeha mafy », hoy i Bagheera.

Somary kivivivy i Baloo! « hanezaka araka izay tratry ny aiko aho », hoy izy.

« Tsy hiandriy an'ise izaho sy i Kaa fa dia hanainga, ka ataovy izay mety ».

Na nanezaka araka izay tratry ny aina aza i Bagheera dia arak'i Kaa foana. Rehefa mita rano, dia lasa aloha izy sady ataony indray mivikina ilay renirano fa i Kaa mbola milomano fa rehefa ery an-tanety kosa anefa dia tratran'i Kaa ihany izy.

Tsy tao antsain'y vahoaka Babakoto akory, tao Andavabatomangatsiaka, fa mety hanaraka azy ny naman'i Mowgli!. Faly sy niorakoraka izy nahazo an'i Mowgli.

Mbola tsy nahita tanàna hatrizay niainany i Mowgli ka gaga sy talanjona izy nahita ity tanàna haolo na dia efa noravana aza ny rindrina. Mpanjaka tany aloha tany no nanorina trano teo an-tampon

kavoana. Nisy lapa iray ngezabe nefatsy misy tafo intsony teo afovoany, ary avy eo amin'ny tilikambon'ilay lapa dia ahatazanana ny trano manodidina rehetra.

Mirehareha ery ny Babakoto fa izy irery, hono, no manana tanàna amin'ny vahoaka ao amin'ny Jungle, nefa tsy fantany akory na dia ny fomba fipetrahana na fampiasa ny trano aza. Mitabataba sy miady ary mifanenjika eran'ny rindrina rava no andaniany andro, ary mihevitra hono izy amin'izany fa mitovy amin'ny olombelona;

Tsy takatry ny sain'i Mowgli ity fomba fiainan-dry zareo ity. Noheveriny fa rehefa avy nanao dia lavitra toy izany dia tokony natory hiala sasatra, kanefa mbola nihiakiaka sy nihinjakinjaka teo ny Bandar-Log. Nisy Babakoto iray nikabary ary nilaza fa andro lehibe eo amin'ny tantaran'ny Bandar-log izao nahazoany an'i Mowgli izao; fa hampianatra azy hanao trano bongo i Mowgli. Dia nanomboka nampianatra tokoa i Mowgli nefa afaka vetivety foana dia tsy nisy nanaraka ny fampianarany intsony ny Babakoto fa nilaozany niady sy nifandriro-drambo.

« Noana aho izany, hoy i Mowgli, ka itondray sakafo ».

Tsy tapitapitr'izay dia Babakoto roapolo na telopolo no lasa naka voanio sy papay ho azy. Nony niverina anefa ireo dia nilaozany niady, ary nifampitorahany ny voankazo ka tsy nisy nentiny ho an'i Mowgli.

« marina tokoa izay voalazan'i Baloo ny amin'ireto Babakoto ireto, hoy i Mowgli.— rehefa takon'ny rahona ny volana dia hitsoaka aho », hoy izy.

Tamin'izany fotoana izany koa anefa i Bagheera sy kaa dia efa niandry ny rahona hanakona ny volana mba hamelezany ny Babakoto. Tsy mba sahy miady raha tsy manao be noho vitsy ny Babakoto. Noho ny hamaroany dia noheverin'i Bagheera fa tsy horesy izy raha tsy asiana Tampoka.

« Aoka hanihako avy ery andrefana hoy i Kaa fa misolampilampy ny tany avy ao ».

Bagheera kosa nananika ny rindrina. Izay hahatratrarany an'i Mowgli haingana indrindra no noheveriny, nefa Babakoto an-jatony maro no manodidina an'i Mowgli.

Taitra toy ny vakiam-baratra ny Babakoto nahita azy nefa nony hitandry zareo fa irery izy dia nihoraka izy rehetra hoe: « Vonoy, tapero ny ainy fa izy irery ». Babakoto am-polony maromaro no niantsampy teny amin'i Bagheera nandrangotra sy nanaikitra azy, izay tratrany kosa anefa dia fanina nandraingiraingy. Nandritra izany fotoana izany dia nisy Babakoto enina nibata an'i Mowgli ka nanipy azy tao anatin'ilay lavaky ilay tilikambo.

« Andraso eto izahay, hoy izy ireo mandra-pahafatinay ny naman'ialahy; rehefa izany dia hiara-hilalao isika raha tsy matin'ny menarana misy poizina ialahy ».

« Iray rà isika », hoy i Mowgli, tamin'ireo menarana.

« Aza mihetsiketsika ise, Razandry, fa mety hanitsaka anay ny tongontr'ise ».

« angamba efa akaiky izay i Baloo hanampy an'i Bagheera », hoy ny eritreritr'i Mowgli. Dia niantso mafy izy hoe: « Mandehana miroboka ao anaty lavaka fantsakan tsy hahazoan'ny Bandar-Log an'ise ».

Tamin'izay fotoana izay dia tonga i Baloo ary efa nikapoka izay sendra azy. Mafy dia mafy anefa ny ady fa be noho vitsy, fa raha mahakapoka iray, izy telo no misolo toerana an'iny. Tamin'izay kosa Bagheera dia tafiditra tao anaty fantsakana ka ny lohany sisa no nitranga ary niantso vonjy tamin'i Kaa.

Dia tamy Kaa. Raha azonao an-tsaina ny herin'ny kanota antsasa-taonina ananan'ny menarana 10 metatra mahery dia ho azonao vinaniana amin'izany ny herin'i Kaa rehefa miady.

Teny amin'ny Baloo aloha no novonjeny voalohany. Nitsaoka nandositra ny Babakoto sady niantsoantso hoe:

« Kaa! lalao fa tonga Kaa! » - Hatramin'ny razamben'ny Babakoto no efa natahotra sy nihorohoro na tamin'ny anarany fotsiny

rany fotsiny aza. Tsy mbola nisy azony ka afa-nitsoaka, fa na banjiny ny fotsiny aza tsy afa-mihetsika intsony.

Nahazo aina i Baloo fa efa lanaka sy mongomongo koa izy. Nangina hoatry ny nivoaham-paty ilay toerana. Ry Babakoto tia tabataba sina toy ny sifotra nalandoha ary tsy nihetsika tamin'ny toerana nisy azy. Nivoaka tao amin'ny lavaka fantsakana Bagheena.

« Ndeha halaina Mowgli dia handositra isika, hoy izy, sao dia mamely indray ireo ».

« Tsy sahy mihetsika ireo raha tsy izaho no mandidy azy ».

« Tsy afaka talohaloha aho, ry sakaiza, nefa toa miantso ahy ise. Ary nankaiza Baloo? »

« Tena reraka aho izany », hoy Baloo.

« nanavotra ny ainay ise ry Kaa, hoy izy ka dia misaotra an'ise izahay ».

« Aza asiana resaka betsaka intsony izany. Fa nankaiza ilay zanak' olombelona? »

« Ato anaty lavaka ato fa tsy afaka mivoaka ».

« Ento any izy, hoy ny cobra, menarana misy poizina, fa mila hanitsaka ny zanakay ».

« Ah-ha, hoy Kaa, mana-namana hatraiza hatraiza lahy ilay kely ity. Mihemora ise, ary miere hianareo vahoaka misy poizina fa hopotehiko ny rindrina ».

Nodinihin'i Kaa ilay rindrina vato. Nodoniny indroa na intelo hitsapany ny hamafiny. Noezahany tamin'izay ka rava potipotika ilay rindrim-bato. Nitsambikina avy ao i Mowgli ka niantsampy teny an-tsorok'i Baloo sy Bagheera.

« Namonjy ny aiko se ry Kaa, hoy i Mowgli. Izay hazako dia hazan'ise raha tahiny ka noana ise. Mba kinga ihany aho noho ireto tanako ireto, ka dia afaka manavotra an'ise aho ».

« Napetrak'i Kaa moramora teo an-tsorok'i Mowgli ny lohany dia hoy

izy: « Fo sahy sy lela manaja anie no hitarika an'ise eran'ny Jungle r' ilay kely ity. Ary ankehitriny, mandeha amin'izay miaraka amin'ny naman'ise. Efa hipoitra ny volana, tsy tsara raha hahita ny zavatra miseho eto.



Nandady teo ampovoan'ny tokotany Kaa sady nibanjina ny babakoto rehetra. «Efa hisoka ny volana, hoy izy. Mbola ho ampy ve

ny fahazavana? »

Injay fa heno misy toloko avy any amin'ny tamboho.

« Mbola mahita izahay

« Hay! Jereo ary ny hakingan'i Kaa. Aza misy mihetsika fa samia mijery ».

Mitsangana indroa na intelo izy no nanao kiboribory lehibe sahady mampidoladola ny lohany, nitambalombalona nanao mariky ny valo. Jihitra tsy nahahetsika i Baloo sy Bagheera ary Mowgli ka nitonaka nahita izany.

« O, ry Bandar-Log ô! Hoy izy, moa afaka mampihetsika ny tananareo na ny tongotrareo ve hianareo raha tsy izaho no mibaiko? »

« Raha tsy mibaiko hianao tsy afaka manetsika ny tongotra aman-tànanay izahay ry Kaa ô ».

« Tsara izany! Mandroso akaikikaiky kokoa ary ».

Dia niara-nandroso avokoa ry Babakoto, toy ny nisy hery tsy hita nefa tsy hainy tohaina nanosika azy. Ary Baloo sy Bagheera koa nanaraka azy ireo avy ato aoriana.

« Akaikikaiky kokoa ihany », hoy Kaa. Dia nirohitra nandroso indray izy rehetra.

Nosintonin'i Mowgli tamin'ny tanany Baloo sy Bagheera. Taitra sy nihareretra hoatry ny manonofy ratsy izy roalahy.

« Tsy misy inona io, fa i Kaa ihany. Andao isika handeha, hoy i Mowgli. Dia lasa izy telo lahy.

« O-o-o-ff! hoy i Baloo, tsy mba hiaraka amin'ilay Kaa iny intsony aho ».

« Tsy voa mihintsy, hoy Bagheera. Raha tsy nitandrina aho saika tafiditra tao ambavany koa »

« Fa inona no dikan'izany? Hoy Mowgli. Bibilava goavambe miolanolana io dia mahafanina azy rehetra, sady potika koa ny orony.

« Ry Mowgli, hoy Bagheera, noho ireo ihany no naharovitra ny sofiko

sy ny valahako ary ny oron'i Baloo sy ny sorony. Tsarovin'ise ry Mowgli fa noho ny fiarahan'ise tamin'ny Bandar-Log no nahatonga izao loza rehetra izao.

« Marina tokoa izany, hoy Mowgli, sady nalahelo izy. Zaza tsy manjary aho ary tena mankarary sy mavesatra ao ampoko izany ».

Hom! Ahoana hoy ny lalàn'ny Junlge ny amin'izany ry Baloo ». Hoy Bagheera.

Tsy te-handatsa intsony an'i Mowgli i Baloo, kanefa tsy azony afenina ny lalàna ka hoy ny fignonongony.

« Ny ranomaso tsy mahafa-trosa ».

« Nefa tsarovin'ise, ry Bagheera fa mbola kely izy.

« Fantatro izany hoy i Bagheera, nefa tsy nety ny nataony, ka tokony ho voakapoka izy. Ka inona no lazain'ise ny amin'izany ry Mowgli? ».

« Tsy misy, hoy Mowgli. Diso aho nandraatra an'ise ry Baloo. Rariny izany ».

Nopehipihin'i Bagheera indimy na inenina i Mowgli. Amin'ny pantera dia toy ny tehatehaky ny sakaiza izany, kanefa amin'ny ankizy fito taona dia mahafanimpanina tokoa.

« Mitsambikina eto an-damosiko, Razandry, ary andeha isika hody ».

Ny sazy dia mahakosoka ny fahadisoana rehetra. Izany no mba mahatsara ny lalàn'ny Jungle. Tsy misy mifanorisory intsony rehefa avy eo.

Naondan'i Mowgli teo an-damosin'i Bagheera ny lohany ary renoka natory izy; tsy taitra akory aza nony napetraka tao amin'ny zohin'ny rahalahiny.

OAINY ILAY TIGRE O!

Nony nandao ny lavaky ny Loup i Mowgli taorian'ny ady nataony tao amin'ny vato fisainana, dia nidina teny amin'ny tanànan'ny olombelona izy. Tsy sahy nijanona tao izy anefa, akaiky loatra eo mantsy ny Jungle ary fantany fa manana fahavalo mifofo ny ainy izy ao. Notohizany ihany ny diany nanavatsava ny lohasaha ary nony nahafaka tokony ho 20 maily izy dia tonga teny amin'ny faritany tsy fantany.

Tany lemaka lehibe misy vatolampy etsy sy ery no nisolo ilay lohasaha. Ery amin'ny farany ery ahitana tanàna kely. Alohan'ny ahatongavany eny anefa dia misy kijana lehibe mampisaraka azy amin'ny Jungle. Hita miraoka eny ho eny ny omby sy ny bulleso. Ary nony hitan'ny ankizy mpiandry ireo i Mowgli dia rifatra nandositra izy rehetra sady niantsoantso. Nandroso ihany i Mowgli satria nahatsiaro noana loatra izy ary tonga teo am-bavahadin'ny tanàna. Nony nahita ilay vavahady natao tamin'ny tsiafakomby (roy) izy dia gaga satria fahitany any amin'ny tanàna any anatin'ny Jungle any ny zava-
tra toy izany:

« Odrey re, hoy izy, mbola matahotra ny vahoakan'ny Jungle ihany ny olona aty lavitra aty? »

Nipetraka teo amoron'ny vavahady izy, ary nony nahita olona nivoaka avy eo an-tanàna izy dia nitsangana ka nanao marika tamin'ny tànany toy ny mihinan-kanina milaza fa noana izy ka mila sakafo. Nivandravandra ny mason'ilay olona nahita azy, dia lasa nandositra niverina tany an-tanàna ary niantso ny mpitondra fivavahana karana matavy be izay.

Tonga teo am-bavahady ilay mpitondra fivavahana narahin'ny olona tokony ho zato izay samy natonoko..avokoa sady nihikiaka nanondrotondro an'i Mowgli.

« Tsy mahalala fomba lahy ry zareo atao hoe olombelona itony izany, hoy i Mowgli, raha tsy ry Babakoto .tsy manao toy izao ».

« Inona no ataonareo an'io, ho ilay Mpitondra fivavahana. Jereo ny holatra eny amin'ny handriny sy ny ranjony, kaikitry ny amboadia ireny. Tsy inona io akory fa zaza amboadia nandositra avy any Jungle ».

« Ndry! Hoy ireo vehivavy roa na telo, nokekerin'ny amboadia hoe, mampalahelo ry izy Ntrô! Zazalahy mahafatifaty kosa ity izy sady maranitra maso ery ».

« Marina, ry Messua, raha tsy mitovy amin'ny zanak'indry nin-daosin'ny Tigra eo! »

« Aoka hoe hojereko », hoy ilay vehivavy iray izay, izay .nanana haba varahina lehibe teo amin'ny hato-tànany sy tamin'ny tongony.

« Marina tokoa izany, somary mahia kokoa, kanefa ny masony dia mitovy tsy misy ivoasana amin'ny mason-janako.

Olona fetsilahy moa ilay mpitondra fivavahana ary fantany fa vehivavy nanan-karena tao an-tanàna i Messua. Natrakany niandrandra ny lanitra ny lohany ary hoy izy: « Jungle no naka ary Jungle no namerina. –Ento ity zaza ity, Ranabavy, ka tezao ho any aminao, ary aza hadinoina ny manon.....voninahitra ity Mpitondra fivavahana izay mahatsinjo mialoha ny fiainan'ny zanak' olombelona ».

« Marina amin'ilay ombalahy nanavotana ahy, hoy Mowgli anakam-pony, raha tsy toy ny manala fanadinana hiditra amin'ny foko vaovao indray ity. Hatao ahoana moa fa efa olombelona izao, ka tsy maintsy mitondra tena hoatry ny olombelona ».

Niparitaka ny olona ary ilay vehivavy kosa nanome baiko an'i Mowgli nanaraka azy. Nahatsiaro sorena i Mowgli, tao.an-tranon'ilay vehivavy, ary nahita farafara voaloko mena .ao. Ny eo an-joron-trano misy sinibe iray fitehirizam-bary. Mipetraka eo amin'ny talantalan kosa vilany varahina tokony ho enina; eo an-joro firarazana misy sarin'ny andriamanitry ry zareo Karana ary mihantona eo amin'ny rindrina fitaratra kely iray. Tahatahaka izany no endriky ny tokan-tranon'i Messua.

Nomen'i Messna mofo sy ronono tamin'ny kaopy iray lehibe i Mowgli.

Napetrany teo ambonin'ny lohan'ilay zaza ny tanany ary nobanjiny ny masonry. Noheveriny fa ilay zanany, ilay zanany naverin'i Jungle fa nohangaran'ny tigra fahiny.

« Nathoo, Nathoo, hoy izy. Tsy tadidinao ve ilay andro..nanomezako kiraro vaovao anao? » Notsapainy ny tongony ka mafy toy ny tandrok'omby. Tsy fantatr'i Mowgli izany anarana izany.

« Tsia, hoy ravehivavy tamin'alahelo, tsy mba tongotra mikiraro hatry izay niainany izany, kanefa mitovy tsy misy ivoasana amin'i Nathoo zanako ka dia raisiko ho zanako hianao ».

Nahatsiaro sorena i Mowgli fa mbola tsy nipetraka tan-trano hatr'izay niainany. Nony nojereny anefa ilay tafo bozaka dia nandry ny sainy fa ho azony ongotana mora foana io rehefa te-handeha izy, ny varavarankely koa tsy nihidy rahateo. Dia hoy indray izy anakampo:

« Inona foana no maha-olona ahy raha tsy mahay ny fitenin'ny olona aho? Amin'izao fotoana izao aho dia adaladala sy tsy mahateny sahala amin'ny olombelona rha tafaraka aminay any Jungle any izy. Tsy maintsy mahay ny fitenin'ny olombelona aho ».

Mowgli efa zatra maka tahaka feom-biby isankarazany any amin'ny Jungle hany ka mora taminy ihany ny nanaraka izay teny rehetra nolazain'i Messna, ary nony hariva ny andro dia maro ny anaran-javatra fantany.

Nony tonga ny fotoana hatoriany dia nanjary nisy fahasahiranana lehibe satria i Mowgli tsy nety natory tao amin'ity trano miendrika fandrika pantera, ary nony nohidina ny varavarambe dia nitsambikina teo amin'ny varavaran-kely izy.

« Avelao re izy handeha hoy ny vadin'i Messua. Hadinonao angaha fa tsy mbola natory tam-parafara hatrizay

niainany. Raha izy tokoa no ho solon'ny zanatsika dia tsy handositra izy akory ».

Lasa nidaboka tery anaty ahitra i Mowgli nefa mbola tsy nikimpy akory ny masonry dia indro tonga nanatona azy i Frère gris ilay zanaka lahimatoan'i Mère Louve.

« Ntsss, hoy Frère gris, voa mafy faho nanaraka an'ise taty, he ity ise efa maimbo setroka sy fahitr'omby sahady, toy ny olombelona mihitsy ê! Mifohaza ise Razandry fa betsaka ny vaovao horesahin-tsika ».

« Manao ahoana ny any amin'ny Jungle any hoy Mowgli sady nohononiny tamin'ny sandriny i Frère gris



« Tsara daholo izahay afa-tsy ireo Loups main'ny Voninkazo Mena. Fa henoy e: Lasa nihaza any an-tany lavitra any i Shère Khan mandrapanirin'ny volony may, nefa niozonozona mihitsy izy fa tsy maintsy hatsipiny any Waingunga hono ny taolan'ise.

« Sahala izany! Hoy i Mowgli, izaho koa mba manana ny voadiko, kanefa tsara ihany ny mandre vaovao momban'ny tetik'i

« Tsy hadinon'ise ve fa Loup ise, ny olona ve tsy hampanadino an'ise izany? »

« Sanatria ny vava! Tsaroako mandrakariva fa tia an'ise aho, ise ary isika rehetra iray zohy; kanefa tsy hohadinoiko koa fa noroahina tao amin'ny foko aho ».

« Ary mbola mety horoahin'ny foko koa ise..... Ny olombelona r'ise dia olombelona ihany. Razandry koa tena kopaka am-bava sy volan-tenda fotsiny. Rehefa miverina aty aho dia andrasako ery anay volotsangana ery ise ».

Nandritra ny telo volana nanaraka iny alina iny dia saika tsy nihoatra ny vavahadin'ny tanàna akory Mowgli fa lany andro nianatra ny fomba amam-panaon'ny olombelona. Voatery hitondra salaka izy ka sorena tery tamin'izany. Manarak'izany tsy maintsy nianatra momba ny vola izy, izay tsy misy fantany, sy ny momba ny fambolena izay tsy hitany ny ilàna azy. Nahatezitra azy koa ny nataon'ny ankizy tao an-tanàna. Soa ihany fa nampianatra azy tsy ho tezitra ny lalàn'ny Jungle, any amin'ny Jungle mantsy ny aina sy ny sakafo dia miankina amin'ny fahatoniam-po. Kanefa nony nanaraby azy izy ireo fa tsy nety niara-nilalao taminy izy, toy ny mandefa papango hazo, na raha sendra miroky i Mowgli, dia saika nopotehiny ireo ankizy ireo raha tsy tsaroany fa tsy mendrika ny mpihaza ny mamono ny madinika. Tsy tsaroany akory ny tanjany, any amin'ny Jungle mantsy dia fantany fa osa izy raha mitaha amin'ny biby, ao an-tanàna kosa dia matanjaka hoatry ny ombalahy izy.

Tsy fantany velively akory izany hoe tahotra izany! Indray andro dia nolazain'ilay mpitondra fivavahana fa raha mangalatra ny mangany dia ho tezitra ny andriamanitra; nalain'i Mowgli ny sarin'ilay andriamanitra ka nentiny tany an-tranon'ilay mpitondra fivavahana.

« Ataovy hoe izay hahatezitra an'izy ity hoy i Mowgli fa te-hiady aminy aho ».

Raharaha be tamin'izay nefa namboarin'ilay mpitondra fivavahana teo ary ny vadiny: Messua koa nandoa vola hampitony ny andriamanitra.

Tsy azon'i Mowgli an-tsaina koa izay mahasamihafa ny olona, latsaka tao anaty lavaka fakana tanimanga ny ampondran'ilay mpanao vilany izay ka nosintonin'i Mowgli avy tamin'ny rambony. rehefa ho any an-tsena koa rangahy io dia manampy azy mametraka ny vilany i Mowgli. Zavatra tena fady anefa izany satria ambany firazanana ilay mametaka vilany ary indrindra fa ny ampondrany. Niteny azy noho izany ilay mpitondra fivavahana, kanefa hoy i Mowgli hoe:

« Raha mbola be kabary eo hianao dia hafatotro eo ambony ampondra koa ». Hany herin'ilay mpitondra fivavahana dia niteny tamin'ny vadin'i Messua fa tokony halefa hiasa ity zaza ity. Noho izany dia nasain'ny ben'ny tanàna hamoaka ny omby Mowgli ny ampitso ary hiandry azy.

Nahafaly an'i Mowgli tokoa izany ary satria raharaham-pokonolona no nataony dia lasa izy ny harivan'iny ihany nankeny amin'ny sehatra fivorian'ny olona isan'andro eo am-pototr'aviavy. Eo moa no fivorian'ny mponina, ka ny ben'ny tanàna, ny mpanety, sy ny mpiambina izay mahalala ny tsaho rehetra tao an-tanàna, ingahy Buldeo mpihaza izay manana basy anankiray, dia samy mivory sy manao resa-be eo. Ny rajako mitabataba eny ambony hazo ary eo ambany ny lampihazon'ny sehatra misy « cobra » izay omena ronono isan-kariva satria bibin-javatra. Be ery ny resaka eo, tantara valamaty momba an'Andriamanitra sy ny olombelona sy ny matoatoa Buldeo no basivava indrindra momba ny fombamam-panaon'ny biby any amin'ny Jungle ka ila hipotsaka ny mason'ny ankizy mihaino izany. Saika momba ny biby no ambenti-tantarany, ny Jungle moa akaiky azy rahateo.

Efa fantapantatr'i Mowgli ny fitenin-dry zareo ka mila ho tapaky ny hehy ny tsinainy mihaino an'Ingahy Buldeo. Nohazavain'i Buldeo fa ilay tigma izay maka ny zanak'i Messua dia tigma matoatoa izay ipetrahan'ny fanahin'i Purin Dass mpanjana-bola an-dralahy maty taona vitsivitsy izay

« Marina mihitsy izany, hoy izy satria Purin Dass ,mandringa ary ilay tigma izay lazaiko aminareo io dia mandringa koa ».

« Anganom-baviantitra sy rediredin'adala toy izany avokoa ve ny tantaranareo? Hoy i Mowgli. Efa mandringa hatrizay niainany iny tigrin'iny, ary tahaka ny rediredin'ankizy ny filazana fa ao amin'iny biby kanosa iny ny fanahin'ilay mpanjana-bola ».



Nitonaka i Buldeo ka tsy nahaloha-peo nandritra ny fotoana vitsivitsy ary nivandravandra fotsiny ny mason'ilay lehiben'ny tanàna

« O- hol hay ilay kely avy amin'ny Jungle izany hoy Buldeo, raha kinga lahy hoatr'izany ise dia ento aty Khaniwara ny hoditr'io tigma io satria mahazo valisoa ariary zato amin'ny fanjakana izay mahafaty azy Kanefa tsara amin'ise kokoa ny mangina rehefa miteny ny olon-dehibe ».

Nitsangana Mowgli ka nandeha sady hoy izy:

« Nihaino anareo foana aho androany hariva. Tsy misy marina anefa afa-tsy zavatra iray na roa angaha izay rehetra nolazain'i Buldeo momba ny Jungle izay tsy lavitra anareo sy hitanareo. Ka hataoko ahoana no fino izay tantara matoatoa sy andriamanitra izay lazain'i Buldeo fa hitany ».

« Efa tokony halefa hiandry omby tokoa ilay zaza iny », hoy ilay lehiben'ny tanàna. Buldeo koa tamin'izany nisefofefon'ny hatezerana noho ny tenin'i Mowgli.

Araka ny fomban'ny tanàna sasany any India dia misy ankizy vitsivitsy mitondra ny omby any an-tsaha vao maraina koa ary mamerina azy ao an-tanàna rehefa maizim-bava ilany. Na dia biby matanjaka sy mahatahotra aza izy ireo dia voafehin'ireo ankizy ireo mora foana. Raha miaraka amin'ireo biby ireo ny ankizy dia tsy misy hatahorana fa na ny tigma aza tsy sahy mamely ny andian'omby betsaka; fa raha lasa mioty voninkazo sy manenjika androngo izy ireo ka mandao ny ombiny dia mety ho rembin'ny tigma.

Vao maraina koa Mowgli dia nandao ny tanàna nitaingina an'i Rama ilay omalahy lehibe indrindra. Nasehon'i Mowgli tamin'ireo ankizy niaraka taminy fa izy no mpitarika.

« Andeha aho aloha, hoy i Mowgli tamin'i Kamyra iray amin' ireo ankizy niaraka taminy, andraso tsara ny omby, aza avela hisy hania ».

Mowgli kosa lasa nankery amin'ny volotsangana nihaona amin'i Frère gris.

« Efa firy andro izay aho no niandry an'ise teto ary toa lasa mpiandry ondry ise izany? »

« Izao no baiko azoko, hoy i Mowgli, nandritra ny fotoana vitsivitsy dia niandry ny ombin'ny tanàhana aho. Inona no vaovao momba an'i Shère Khan? »

« Efa tafaverina izy ary niandriandry an'ise tety nandritra ny fotoana ela. Ankehitriny dia lasa indray izy satria nihavitsy ny haza. Ny hamono an'ise mihitsy no tetehiny ».

« Tsara izany, hoy i Mowgli. Raha mbola tsy ety izy dia mipetraha ise ery ambony vatolampy ery ise, na ny iray aminareo mirahalaha, amin'izay dia tazako raha vao mivoaka ny tanàna aho. Fa rehefa miverina kosa izy dia andraso ao amin'ilay hady amoron'ny hazo diahako aho. Tsy ilaina akory ny misetra an'i Shère Khan ».

Dia lasa naka alokaloka Mowgli ka natory teo. Ny namany kosa lasa nisambo-balala na nampiadry famakiloha.

Isan'andro Mowgli dia mitondra ny ombiny hiraoka ary tazany ery lavitra ery ny lamosin'i Frère gris, fantany amin'izany fa mbola tsy tafaverina i Shère Khan. Lasa matoritory eo ambony ahitra izy, mihaino ny feom-borona misiotsioka manodidina ary manonofinofy sy mahatsiarotsiaro ny andro mamy lasa tany amin'ny Jungle.

Indray andro dia tsy tazany teo amin'ny toerana nifanarahany i Frère gris. Nitsiky izy, ary notarihiny tery amin'ilay hady akaikin'ny hazo dâhk ny ombiny. Hitany tao Frère gris.

« Niafina nandritra ny iray volana izy mba tsy hahamahimahina an'ise, hoy i Frère gris. Nidina tety an-tsaha anefa izy halina niaraka tamin'i Tabaki ary manara-dia an'ise ».

Naketrôn'i Mowgli ny handriny.

« Tsy matahotra an'i Shère Khan aho hoy izy saingy i Tabaki no manao fetsilahy ».

« Aza manahy, hoy Frère gris sady nilela-molotra izy, nihaona tamin'i Tabaki aho androany maraina ary nolazainy tamiko avokoa ny tetik'i

Shère Khan. Hiandry an'ise, ise fa tsy olon-kafa, ery am-bavahadin'ny tanàna hono izy anio hariva. Amin'izao fotoana izao dia matory eo amin'ny tovana lehibe ao Waingunga izy ».

« Nisakafo ve izy androany » hoy Mowgli. Misy antony lehibe aminy izany fa iankinan'ny ainy.

« Nahazo lambo izy androany maraina ary nisotro rano koa. Hadinon'ise angaha fa tsy mba maha-hafy tsy mihinan-kanina Shère Khan, na dia hamaly faty aza izy ».

« Odrey izany hadalana! Tena kentrina tokoa lahy izy izany sady ho afa-torimasoa aho? Raha folo lahy monja dia holevontsika izy amin'izao mbola matory izao. Ireto omby ireto tsy hamely raha tsy efa manimbolo azy ary tsy haiko ny fitenin-dry zalahy ireto. Azontsika atao ve ny mifeloka manaraka avy aty aoriana, amin'izay dia hohenen'ny omby ny fofony ».

« Nivalana nanaraka ny renirano Wangunga izy mba hanapadalana ».

« Tabaki no manoro azy izany hevitra izany, raha izy irery tsy hahita an'izany », hoy Mowgli.

Nieritreritra i Mowgli: « Ilay toerana ao Waingunga ve? Hoy izy. Miboroaka aty an-tany lemaka iny, tokony ho an-tsasa-mailly avy eto. Mahazo misakodina mamaky ny Jungle aho ka mitarika ny andian' omby hatreo amin'ny vavan'ny tevana. Raha irotsahanay avy eo izy, levona mhitsy, nefanefa handositra ary amin'ny ilany anankiray izy. Tsy maintsy sakanantsika iny làlana iny. Hozaraintsika roa ny adian' omby ka ise no hitarika ny sasany, ry Frère gris.

« Tsy izaho irery angamba fa hitondra mpanampy aho sady kingalahy ».

Nihatoka kely i Frère gris ka nidina tao amin'ny lavaka iray tsy dia lavitra teo. Indro tazany avy ao i Akela.

Nihorakoraka i Mowgli: « Fantatro fa tsy manadino ahy ise!

Be ny raharahantsika anio. Zarao roa ny andian'omby ka ento

manaraka an'ise ny omby vavy omban-janany, ary ny ombalahy kosa ankilany ».

Nanahirana ihany ny nanao izany fa raha tsy olona enin-dahy efa zatra tsara tsy mahavita hoatr'izany.

« Inona no tetik'ise? Hoy Akela, fa mitady hiray indray izy ireto? Niakatra teo an-damosin'i Rama i Mowgli ka niantso hoe:. »Tarito ny ombalahy hiantsinana sy miankavia ».

« O! ry Frère gris â, rehefa mandeha izahay dia tano tsara ny ombivavy tsy hisaraka ary roahy hiakatra ery amin'ny vava-hantsana ».



« Hatramin'izay farany avo indrindra mba tsy hahazoan'i Shère Khan mandositra. Andraso tsara io mandra-pidinay ».

Dia lasa ny ombalahy nokorodosin'i Akela ary Frère gris kosa nijanona teo anoloan'ny ombivavy.

Nitroatra ndeha hamely an'i Frère gris izy ireo ka nanaovany tari-dositra hatreny amin'ny vava-tevana. Tamin'izay koa i Akela nandroaka

ny ombalahy misafelika niantsinanana.

« Tena taitra izy, hoy i Mowgli, tsy azo tanana intsony izy izao. Tena mahery mandeha izy izany ».

« Haolaka mankany Jungle amin'izay ve? » hoy Akela

« Aolàny haingana, fa i Rama ity efa maimbo rà ery »

Naolak'izy roalahy niankandrefana tamin'izay ka nirodorodo toy ny vara-datsaka ny fidiny nankao an-dohasaha. Nony nahita an'izany kosa ry zalahy madinika mpiandry omby dia rifatra nandositra nano tongotra an-katoka nankany an-tanàna fa lasa adala hono ny omby.

Tsotra anefa ny tetik'i Mowgli ny omby vavy omban-janany nasainy niandry ery ambony niaraka tamin'ny omby lahy ka dia voatery toy ny ao anaty vavan'ny vahoho i Shère Khan; ary fantany fa rehefa avy nihinana sy nisotro rano ny tigma dia tsy afaka hiady na hananika ny tevana.

Notazanin'i Mowgli avy ery ambony, fa raha mitady hananika ny tevana aza ilay tigma dia tsy ho afaka noho ny vahy sy ny roy mandady maniry eo.

« Aoka amin'izay aloha izy haka aina kely fa ao anaty vovontsika i Shère Khan izao ka alao hotairiko ». Novelariny manodidina ny vavany ny tanany hanamafy ny feony, dia nihiaka izy ka nanakoako eran'ny hantsana. Elaela taorian'izay vao henony ny feon'i Shère Khan.

« Zovy izany? » hoy Shère Khan.

« Izaho, hoy i Mowgli. Tonga ny fotoana hifanatrehantsika any amin'ny Vato fisainana r'ilay mpangalatr'omby ity. Mandrosoa fa

masaka ny loha omby. Tarito midina amin'izy ry Akela! Andao hidina isika Rama! »

Somary nisasasala kely aloha ny andian'omby nefa nony nandre ny feon'i Akela izy dia nanao rodobe nidina tsy azo notapenana, fa nisasasasa toa nanao rano vaky. Rama kosa avy hatrany dia nisosa nanatona an'i Shère Khan narahin'ny omby hafa rehetra.

« Ah-hal Hay fantar'ise amin'izay ny tiako hataon'ise ».

Henon'i Shère Khan ny firodorodon'ny omby. Nitsangana izy handositra nefa toa malai-mihetsika noho ny sakafo sy ny rano nosotroiny. Notazaniny ny manodidina rehetra fa tsy hitany izay handosirany. Ny hiandry anefa tsy ho tantiny. Nojereny tery atsimo ka tazany ny ombivavy ombananany. Fantatry ny tigra fa rehefa ho ratsy ihany aleo mifanehatra amin'ombalahy toy izay amin'ireto ombivavy miaro ny zanany.

Nionjona kely Rama ka saika nianjera fa nitazona zavatra bodaboda, ny tenan'i Shère Khan io. Ny omby madinidinika kosa nisavoana mihitsy. Noho ny hafaianganan'ny fandehany dia samy tafiditra tery an-dohasaha ny ain'omby anankiroa. Nidina haingana avy teny ambonin-dRama i Mowgli ka nampisaraka ny omby.

« Haingana ry Akela, ajanony ireto! Saraho haingana, raha tsy izany miady ireo!Mora ».

« Mora zalahy, maromaro amin'izay fa efa vita ny ady ».

Ndeha hiverina ny omby hamely indray an'i Shère Khan. Nefa voahodin'i Mowgli Rama ka nanaraka azy tery amin'ny honahona .ny omby rehetra. Tsy ilaina intsony ny manosihosy an'i Shère Khan. Maty izy ary efa tonga sahadry ny papango..

« Maty sahala amin'ny alika izy izy ry zalahy », hoy i Mowgli. Noraisiny ny antsy tsy misaraka aminy eny ambozonany hatramin'izay niainany tamin'ny olombelona. Handravaka ny Vato fisainana ny hodiny. Raha zazakely niarabelona tamin'ny olombelona dia toy ny manonofy foana raha izany hoe hanendaka hodi-tigra izany, kanefa fantatr'i Mowgli tsara ny fomba fanao amin'izany. Na izany aza anefa

raharaha sarotra dia sarotra izany fa mandritra ny adiny iray Mowgli no nandidy azy teo nampian'iretsy loups namany rehefa nisy nilàn'i Mowgli izany. Kanjo injay tànana nihetsika teo amin'ny sorony. Natrakany ny lohany ka indro eo i Buldeo sy ny basiny. Notantarain'ny ankizy ny nanjo ny omby, tezitra nisafoaka Buldeo ka tamy hanafay an'i Mowgli hono; satria tsy nitandrina tsara ny omby ilehio. Vao tazan'ireo loups kosa ity olona dia lasa niery izy.

« Inona ity hadalan'ity, hoy Buldeo tamin'ny feo vinitra, dia hoheverin'ialahy fa hahahendaka ny hoditr'io tigara io ialahy.....Taiza no namonoan'ny omby azy..... Tena ilay tigma mandringa ity ary mahazo valisoa ariary zao izay mahafaty azy..... Aoka fa hodianay tsy hita ny hadaladalan'ialahy namela ny omby hirifatra toy izao ary angamba aza mbola hamela kadoa kely ho an'ialahy aho rehefa tongako any Khaniwara ny hodiny ».

Nokarohiny tany an-tsikinany tany, dia nandray vato afo izy handorany ny volom-bavan'i Shere Khan hono. Fomban'ny mpihaza manko ny mandoro ny volom-bavan'ny tigma mba hampandositra ny matoatoany hono.

« Hanky ve re, hoy Mowgli, sady nakipany tamin'ny tongony ny hodiny. Dia ho entin'ialahy any Khaniwara izany ny hoditra hahazoan'ialahy ny valisoa ary angamba homen'ialahy ariary monja aho ».

« Ny hitana ny hoditra ho ahy ny hevitra, ka ahoana? » Apetraho iny afo iny!

« Inona re izany fomba fiten'ilehity amin'ny lehiben'ny mpihazan'ny tanàna izany? Fa saingy mba tsara vintana sady nampian'ny hadaladalan' ireo omby ireo no nahafatesan'ialahy ny tigma. Vao avy nihinana koa izy fa raha tsy izany tsy tratran'ialahy teo. He tsy hain'ialahy akory ny manendaka ny hodiny. Tsy homeko varifitoventy akory ialahy. Kapoka mandrivorivo no antonona an'ialahy. Mazava izany. Apetraho io ».

« Hanky ve re? Hoy i Mowgli. Inona moa no handaniako andro hiady hevitra amin'ilay jako antitra ity. Io r'ise ry Akela, mandrebireby ahy io olona io ».

« Mbola niondrika teo amin'ny lohan'i Shère Khan i Buldeo no nadabok'i Akela; Mowgli kosa nanohy ny raharahany toy ny tsy nisy inona akory niseho ».

« Eny tokoa lahy hoy izy, marina ny nolazain'ialahy ry Buldeo. Tsy homen'ialahy na dia varifitoventy aza..... Ady nifanaovako tamin'ity tigre mandringa efa .hatry ny ela izao, ady hatry ny elabe mihitsy ary izaho no nandresy ».

Tsy azo omena tsiny i Buldeo amin'izany raha toa ka mbola tovolahy no nifanehatra tamin'i Akela tany anaty ala dia sahy ihany angamba ny ho niady tamin'i Akela. Fa izany hoe amboadia mankato ny baikon'ny ankizy sady ankizy manana kakay amin'ny tigre mpihinan'olona, tsy mba amboadia toy ny amboadia rehetra.

« Tena misy famosaviana ity, hoy ny eritreriny, sady mosavy faran' izay ratsy ». Ary nieritreritra izy raha hahazo azy ny ody teny am-bozonany. Tsy sahy nikofoka intsony izy na kely aza, ary nantencaina fa hiova ho tigre koa i Mowgli.

Ray kaky aman-dreniko ô », hoy izy.

« Ka ahoana? » hoy i Mowgli sady tsy nihodina akory.

« Efa lahiantitra aho. Iza no nanampo an'ialahy hahaita toy izao. Mahazo mitsangana ve aho ka handeha? Sa opotipotihin'ity mpanompon'ialahy ity ».

« Mandehana amim-piadanana.....Saingy any aoriana any aza .mikasikasika ny hazako »... Avelao izy handeha ry Akela .

Lasa nody i Buldeo ary nandringaringa nandeha haingana arak'izay azony natao. Mbola nitodika tsindraindray any izy fa nanantena an'i Mowgli hiova ho zavatra mahatsiravina. Vao tonga tao an-tanàna izy dia nitantara izao tsanga tsy aman'orana rehetra izao: ny asa-mosavy sy zay nampitonaka ny mpitondra fivavahana.

Nanohy ny raharahany ihany i Mowgli. Efa ho alina ny andro nefa mbola tsy voaendany tanteraka ny hoditr'i Shère Khan.

« Tsy maintsy hafenina ity ary handeha hampodiana ny omby. Ampio aho ry Akela hamory azy ». Nony voavory ny omby dia nentiny nody.

Rehefa nankaiky ny tanàna fa dia nahita afo toy ny harendrina ary nandre feon'anjombona sy lakolosy. Vory teo am-bavahady koa ny mponia tao an-tanàna.

« Izaho nahafaty an'i Shère Khan angamba no anaovany an' izao », hoy i Mowgli.

Kanjo injany henony ny tora-bato mandrivorivo, sy hiakiaky ny mponina hoe: « Mpamosavy! Zanak'amboa! Devolin'ny Jungle! Mandehan haingana mandeha any fa raha tsy izany , ataon'ny mpitondra fivavahan manjary amboadia eo indray ialahy ».

« Tifiro ry Buldeo a! »

Dia nipoaka ilay basy antitra sady nireondreona hoatran'ireny inona ireny ny feony ary vantotr'omby anankiray no maty.

« Tena mpamosavy tokoa ity, hoy ny mponina teo amin'ny tanàna, fa mahay ody basy. Jereo fa natolany ny bala ka ny ombin'ialahy indray no maty ».

« inona re ity, hoy i Mowgli? » sady gaga izy.

« Sahala amin'ny tany amin'ny Andiany ihany izany aty amin'ny rahalahin'ialahy izany, hoy i Akela sady nipetraka moramora izy. Ataoko ny hevitr'iny bala iny dia fandroahana an'ise ».

Amboadia, zanak'amboa, hoy ny antson'ilay mpitondra fivavahana, mandehana, mandehana, sady nahofahofany ny rantsan-kazo masina atao hoe Tusli ».

Izany ve? Hoy i Mowgli. Teo aloha aho natao hoe olombelona, izao indray aho roahina fa hoe amboadia. Andao isika handeha ry Akela ».

Kanjo tamy Messua. Nihazakazaka teny aminy sady nitomany. « Odrey re ry Zanako! Lazainy fa hoe mpamosavy hoo hianao ary mahay miova ho biby arak'izay tianao. Izaho tsy mino izany, kanefa mandehana ihany sao matiny

eo hianao. Lazain'i Buldeo fa mpanao majika, hono hianao nefa izaho mahalala fa namaly faty an'i Natho hianao ».

« Miverena ry Messua, hoy ny antson'ny olona, miverena sao torahanay ny vato eo koa hianao.

Nitsiky tsy ravina i Mowgli fa voan'ny vato teo amin'ny vavany.



« Mandehana mody ry Messua. Angano mahatsikaiky sahala amin'ny fitantarany eo am-body hazo rehefa hariva.

ihany izany. Voavaliko faty ny zanakao. Veloma ary haingàna hianao fa haveriko ny ombiny. Izaho tsy mpamosavy ry Messua. veloma ».

« Ady farany ity, ry Akela, hoy izy. Ampidiro ny omby ».

Vao nihiaka indray mandeha i Akela dia nifioka toy ny rambon-danitra ny omby ka vady nandositra ny olona.

« Isao tsara hoy i Mowgli, fa angamba analako iray izy ireny.

Isao tsara fa tsy ho mpiandry ombinareo intsony aho. Veloma ry Zanak'olombelona ary misaora an'i Messua fa raha tsy izy dia nitondrako ny amboadiako hianareo ka nataoko nitondra faisana ».

Dia lasa niverina izy niaraka tamin'ireo amboadia sakaizany. Nivandravandra ny lanitra izy ka nahita ny kintana ary nahatsiaro sambatra.

« Efa leon'ny matory ao anaty fandrika aho » ry Akela.

« Andeha halaina ny hoditr'i Shère Khan, dia aoka isika handeha. Tsy hanisy ratsy ny tanàna isika fa tsara fanahy tamiko i Messua ».

Nipoitra ny volana ary nazava nangoratsaka, natahotra nihoro-horo ny mponina tao an-tanaàna nahatazana an'i Mowgli niloloha entana arahin'ny amboadia anankiroa. Nanakoako ny feon-dakolosy sy anjombona Messua nalahelo ary nitomany, Buldeo kosa nilaza izao habobo rehetra izao. Nambarany aza fa miteny sy mitsangana toy ny olona ny amboadia.

Efa hisoka ny volana vao tonga teo amin'ny havoana misy vato fisainana ry Mowgli. Niato tao an-davak'i ry Mère Louve izy.

Noroahin'ny olombelona koa aho, ry Neny, niverina aho kanefa nitondra ny hoditr'i Shere Khan. Nitana ny teniko aho ».

Nivoaka i Mère Louve narahin'ny zanany ary nami-rapiratra ny masony nony nahita ilay hoditra.

« Efa nolazaiko taminy raha nisolantsolana teto nitady hamono anao izy. Efa nolazaiko taminy fa izy mpihaza no ho voahaza. Tsara ho azy izao ».

« Tsara r'ise Razandry hoy ny feo anankiray, avy any anaty kirihitrana. Nangingina izahay teto tsy nisy an'ise ». Begheera no avy nihazakazaka teo amin'i Mowgli.

Dia niaraka nankeny amin'ny Vato fisainana izy ka novelarin'i Mowgli teo amin'ilay vatolampy fitoeran'i Akela ny hoditr'i Shère Khan ary notanany tamin'ny silaka volotsangana. Niakatra teo Akela ary

nandefa indray ilay antso fanaony teo amin'ny fivoriana:

« Jereo, jereo tsara ry louns ô », miova tsy ilay antso nataony tamin'ny nampisehoana voalohany an'i Mowgli teo.

Hatramin'ny nanonganana an'i Akela dia tsy nanampitarika ny andiany ka nirenireny foana. Noho ny fahazarany anefa dia samy namaly izy rehetra nony nandre ny antso; ny sasany nandringa fa voan'ny fandrika, ny sasany kosa tapa-tongotra fa voatifitra, ny sasany feno hatina nihinana ny hanina tsy fihinana, ary ny maro tsy hita intsony. Izay rehetra mandre ny antso anefa dia tonga nanodidina ny Vato fisainan ary ny hoditra maramaran'i Shère Khan sy ny hohony ngezabe.

« Jereo tsara ry louns ô! Mitana ny teniko ve aho? » hoy i Mowgli.

Dia nihiaka ny louns hoe: « Eny e! »

Indro nandroso ny iray taminy efa rotitrotiky ny ratra ka niteny hoe: « O! ry Akela ô, tariho indray izahy, ary ise ry zanak'olombelona, tariho koa izahay. Tsy tianay intsony izany velona tsy manan-dalàna fa te-ho vahoaka afaka indray izahay ».

« Tsia, hoy Bagheera, tsy azo atao izany. Ary rehefa voky indray hianareo ka miverina manao hadalana?... Tsy kitoatoa foana akory no nanaovana anareo hoe Vahoaka afaka. Niady hahazo ny fahafahana hianareo. Azonareo izy izao ka hano ».

« Samy nandroaka ahy na ny olombelona na ny ambodia.

Hihaza irery aty amin'ny Jungle aho ankehitriny », hoy Mowgli.

« Hiaraka hihaza amin'ise koa izahay, hoy ireto lovitao efatra ».

Dia lasa i Mowgli, ary hatramin'izay dia nihaza tany amin'ny Jungle izy, niaraka tamin'ireo lovitao kely efatra. Kanefa tsy irery hatrany akory izy fa taona vitsivitsy taoriana dia tonga olon-dehibe izy ka nanam-bady.

Tantara hafa indray anefa izany ary natao ho an'ny olon-dehibe .

ILAY ELEFANTA ROMOTRA (L'éléphant enrage de Mandlà)

Lanaky ny hafanana tao Jungle i Mowgli tamin' izay ary niandry ny hidiran' ny masoandro izay vao handeha hihaza.

Tsy nisy nahamaika azy rahateo koa moa satria efa nihinana sy nisotro ary nanaram-po niara-nilalao tamin' ireo loups kely teraka tamin' ny taona lasa izy. Izao kosa i Mowgli dia manonofy haza hahafahany mihetsiketsika, satria tadidiny ary haverimberiny mandrakariva ilay fampianaran' i Baloo manao hoe : « Ao amin' ny vatana kamo no hisian' ny nofy malemy ». Nihiratra tampoka anefa ny mason' i Mowgli **(taitra, misy feon' elatra Chill mkopakopaka).**

Mowgli : toa mahare ny fisidiny elatry Chill izay mpitondra hafatry ny Jungle aho izany ? Aleo aloha endrasana tsara hipetraka eny antendron-kazo ity Voromahery ity izay vao anotaniana ah liny eny fa tafapetraka, aleo amin' izay hanotaniana, Tsara Haza ?

Chill : H.mmmm ! nanidina teny amin' ny tanin' ny olombelona aho, ary nahita sakafo tany. Tsy hitan' izy ireo anefa aho, satria mihetsiketsika sy toa miramirana be ihany izy ireo fa ny azoko lazaina an' ise kosa dia izao :samy mamoaka ny ombiny ry zareo ary mampanandroso sy miborosy ny kitron' izy ireo daholo. Fa ny vehivavy kosa dia mihira sy mitehaka manohy voninkazo amin' ny tady. Izay angaha ilay ataon-drizareo hoe : " fety, manomana fety e !"

Mowgli : Fety hoe e? **(taitra sady tafatsangana)** mba te hahita izany aho k'ity Andao ry Chill ah!

Chill : Misaotra ry zandrikely fa aleoko ihany fahanginan' ny atiala ka Tandremo koa anie fa ampijalin' ny olombelona any ise raha hitany any e!

Mowgli : Izaho angaha tsy hiafina **(feo mikakakaka sady feo mihazakazaka)**

Vetivety foana dia tonga teo amin' ny fidiran' ny tanànan' ny olombelona I Mowgi.

Mowgli : tonga ihany aho ity, **(misy feo mozika sy tehaka sy tabataba)**... injay lay feo fa efa akaiky ahy, toa mihira sy mitehaka

raha izany fahenoko azy izany ah!... tena olona maro be kay no ato? Ary arahin'aponga mihintsy aza. Mmmmmh andray zany fofona mofo akondro sy ny mofo mamy isan-karazany izay amboarin' ireo vehivavy ee. Mientanentan' izany mozika sy sakafo izany koa aho angamba dia te-hihetsiketsika sy te-hanandrana izay tsy izy eto am-pitoerana eto Toa tsy sahy aho anefa fa tsaroko foana ilay hafatr' I Chill teo, mijery sisa no azo atao eee Mapanotany tena ahy mihintsy ny fiandrasako izay zavatra hiseho eto, Inona loatra ary ny zavatra hiseho? Inona ary no ho tohin' izao?

Afaka fotoana fohy taorian' izay tokoa dia ... Indreny nisy sarety tokony ho 11 tarihin' omby roa isan-tsarety, voaravaka ka nandroso teo afovoan' ny olona. Fa ny tena nahataitra an' I Mowgli dia ny nahita ireto zavatra fotsy be dia be mameno ny sarety, tarafin' ny masoandro koa moa ilay izy ka raha vao jerena dia mahajamba ny maso, vaky vava mihintsy I Mowgli ka nahateny hoe:

Mowgli : “ Mampiratra noho ny hoditr' I Kaa lahy izy izany .”

Indreo eny misy olona efa-dahy mitondra lefona manaraka ny sarety. Toa tsaroko izany ilay nidirako tao Andavabatomangatsika, tao amin' ilay Cobra mpiandry ny “ Fitsinjon' ny Mpanjaka” (Ankus du Roi), fa efa nahita toy ireto tokoa aho tamin' izay ary inona moa ireo fat sy vola e! zavatra mangatsika hifanakalozana mba hahazoana mihinana sy mifaly, raha ny fahitako azy amin' izao ao anaty sarety izao d aleoko lavitra mahazo ny mponin' I Waingunga rehetra (trondro) toy izay mahazo ireo ... tsy hisy rà mandrika indray ve izao noho ireo harena be ireo? “

Dia niandry I Mowgli, nefa kosa tsy nisy niady. Nony kelikely dia nisy rangahy lava volombava niditra teo amin' ny sehatra ary niteniteny sy nihetsiketsika teo. Tsy azon' I Mowgli loatra izay nambarany ka nanoaka fotsiny teo izy nahita ilay rangahibe (angamba nisaotra ny olona sy nanao veloma ny vola natao fanatitra ilay rangahibe). Avy teo manko dia lasa niala ny tanàna ny sarety sy ny mpiabina azy. **(feon-tsarety, omby , mikorotandrotana).**

Mowgli : Andeha aho mba hanaraka azy ireo ety ambony hazo

Dia lasa,kanjo Nijanona tampoka I Mowgli satria tsapany fa hisy loza hitranga. Nirifatra izay tsy izy eretsy omby mpitarika(**feon' omby mirifatra**)Gaga ireo mpiambina ary niherikerika nikasa handositra nefa ... tratra aoriana loatra izy satria inty nisy elefanta ngezabe nihazakazaka mafy(**feon' elefanta mihazakazaka**) toy ny tadio manimba izay rehetra lalovany. Poa toy izaypotika ny sarety, maty ny omby sy ny olona izay tandrify azy teo ary rà izay tratra sisa niparitaka niaraka tamin' ny vola.Nitapi-maso no nataon' i Mowgli tery ambony hazo tery, kanjo loza fa nihozongozona ilay manga nisy azy. Nojereny ka indro eo ilay Elefanta manosika ilay vodihazo amin' ny lohany.

Mowgli : (mihika mafy) “ Iray rà izaho sy I se Iray rà izaho sy ise“.

Nefa toa tsy fantatr' ilay elefanta romotra akory izany fanalahidim-pitenenana izany. Nikiakiaka niantso an' I Chill I Mowgli, nentfin' ny rivotra kosa angahy ny feony ka ren' I Chill soa amantsara.

Mére Louve : toa mahare ny feon' ilay sahona kely miantso vonjy aho izany.

(feon' I Hathi)

Mowgli : njay misy feo lava be toy ny anjomara ary toa mihamanantona izy izany, azoko ery ny aiko raha mahare izany aho satria tsy misy afa- tsy Hathi ihany no afaka haneno tahaka izany. Dia Hathi lehiben' ny Jungle, I Hathi Hendry sy mahay.

Raha nahare izany koa ilay Elefanta adala ka dia lasa nandositra. Nidina moramora I Mowgli ary hoy izy..

Mowgli :” Mbola marina ihany ilay tenin' ilay Cobra tany Andavabatomangatsiaka “

Lasa I Mowgli ary indro I Chill tonga nandimby azy teo ambony hazo

ALIKA MENA (Dholes ! les chiens rouges)

Efa maty Père loup sy Mère louve ; efa mba antitra daholo i Baloo, Bagheera ; Akela dia efa tsy mahazakazaka firy intsony ka dia i Mowgli no mihaza ho azy.

Ny vahoaka afaka kosa anefa mitombo taranaka, ary efa maro tokoa, Miraka mitoetra eo amin'ny Vato fisainana. Mowgli, Akela ary Phao (zanak'i Phaona) ka tsy manana ahiahy ny vahoaka afaka.

Indray takariva anefa, injay re hiaka hafakely mampatsiaro tamin'ny andron'i Shere Khan. Taitra daholo ny vahoaka afaka ary efa samy vonona nanongilan-tsofina tsara. Dia mbola niverina fanindroany indray ilay hika, ary somary mifangaro fitrainana dia narahin'ny hoe : « Dhole ! Dhole! Dhole!» vao maika nanongilan-tsofina satria ny Dhole dia ireo Ambodia avy any Dhektan avy Atsimo, atao hoe: Alike Mena mpamono.

Dia indro tonga eo ampototry ny vato fisainana loup iray vahiny, maratra be ary mikotringa

“Tsara haza, hoy Phao, ary zovy moa ianao?”

“Tsara haza, hoy ny valin-teny, izao no Won-Tolla, tsy mba manana andian-tarika”

“Iza no mikorontana?” hoy indray Phao (izany no fomba fiteny rhesa misy karazan'io hiaka hafa kely voalaza teo ambony io)

“ Ny Dholes” hoy Won-Tolla, miakatra avy any atsimo ry alike lahy ireo, ary mamono izay rehetra sendra azy; izany nonazoany ny vady aman-janako. Tezitra aho ka nitady azy ireo saingy maro sy romotra izy ireo ka izao aho hitanareo izao!

Dia notsaboiny sy nomen'ny vahoaka afaka sakafy ilay maratra mahaleo tena.

Nikaon-doha teo ny lehibe rehetra amin'izao loza mananontanona izao indrindra fa efa malaza ratsy ireto alike mena ireto.

“Eisy, hoy Mowgli sady namoaka ny antsiny, raha mbola izao sy ny vahoaka afaka no eto dia tsy ho afaka aiza ny Dholes”.

“Tsy mahafantatra ny Dholes tokoa ianao” hoy I Won-Tolla. Nefa ny azoko ambara anareo dia mandosira haingana mianavaratra, fa aleo aho hamaly faty ny vady aman-janako”

“Tsy mahalala ny vaoaka afaka ianao rahavako!” Hoy I Mowgli tezitra. “ Raha mbola samy andiany ihany, ny Atialanay anay, ka dia arovanay, sa ahoana ry vahoaka afaka?”

“Raikitra” hoy ny firedon'ny valin-teny

“Koa karakarao ny fiomanana rehetra ry Akela sy Phao, fa izao andeha hanisa ireo alike ireo”, hoyi Mowgli. “Tsara haza daholo !”.

Dia lasa I Mowgli nitady an'I Kaa, ary nanazava taminy ny fandehan-javatra.

Rehefa nifandikika teo izay mianaka dia niaraka nilomano niakatra ny Wainguanga ary tonga teo ampototr'ilay Vatobe manamorona ity rano.

“Ary toa entinao aty amin'ny faritry ny fahafatesana aho izany ?” hoy I Mowgli (izany tokoa mantsy ny anaran'ny io Vatobe mitatao ambonin'I Wainguanga amin'io toerana io satria amin'ireny lavabato maromaro kely eo ireny no misy ireo Tantely dia masika tokoa izay mahafaty izay rehetra mandala eo)

“Eny” hoy I Kaa, saingy efa matory ry zareo izao, ka aza mitabataba fa tsy atahorana ireo Vahoaka madinikin'ny Vato ireo rehefa tsy kotabaina.

Dia namonjy ny sisin-dranoamin'izay izy mianaka ka nasain'I Kaa nandinika tsara I Mowgli.

“Jereo tsara, hoy I Kaa, ny tendron'io vatobe io, ary araho maso ny tandrifin'io ato anaty rano. Nisy ombimanga izay, efa ho elaela ihany izay, tsy nahafantatra ny Alantsika, ka nohenjehin'ny Andiany iray. Avy tery ambony vato tery izy no nitsambikina narahin'ireo Ambohidia, ary tonga tao anaty rano tsy naninona na dia kely aza. Ireo nanaraka azy

kosa tsy nisy tody velona taty ambany satria tsy navelan'ireto Vahoaka madinikin'ny Vato ireto. Ireo izay nijanona tery ambony vato koa tsy nisy nahetsika fa dia rakotra teo daholo".

" Tsy maty tokoa ve ilay Ombimanga?" hoy I Mowgli, lasa eritreritra lalina.

"Maty izy", hoy I Kaa ," fa tsy maty notsindromin'ny Tantely fa vokatry ny fikapoany tamin'ny rano noho ny ahavon'ny fianjerana. Fa.... Raha misy an'I Kaa kosa ve miandry an'I Mowgli aty ambony aty, tsy mba hafahafa tokoa ny fianjerany ato anaty rano.... Sa ahoana?.."

"Tena hisintom-bolombava an-drafafatesana aloha ilay hevitra", hoy I Mowgli, "kanefa dia miaiky aho fa hianao no hendry indrindra eto amin'ny Atiala", "koa mandahana jereo tsara ny vato ery ambony ahitanao ny làlan-kizorana, hamonjy ahy aty ambony, anaty rano aty, ary ho tsara haza!" hoy I Kaa.

Lasa I Mowgli, nanara-dia ny tery ambony ny vato, ary Kaa kosa nampandre ny Vahoaka afaka mba hiandry ny Dholes ao amoron-dranon'I Waingunga, dia niverina nilomana nanohan-drenirano namonjin'ny vato faritry ny fahafatesana.

I Mowgli kosa nanamboatra ny diany, nanangona vato madinika maro izy tamoron-tevana, sady madinika tsara ny rano Waingunga tazany ary ambony ary.

Dia lasa nitady ny làlana nombany I Won-Tolla tary aloha be tary. Nony hitany ny dian-tongony dia mbola nandroso alohaloha ihany izy hitsena ny Dholes, satria fantany fa tsy maintsy hanenjika ny dian'I Won- Tolla koa izy ireo.

Nahita hazo tsara sampan iray izy dia natory naka aina teo amboniny aloha.

Ny ampitson'iny, raha mbola sondriantory teo ambony hazo dia taitra ny firodorodon'ny Dholes sy ny fofona maimbo mpanaraka azy ireo.

Dia nohatsafainy ilay mpitarika azy ireo rehefa tonga teo ampototr'

ilay hazo nisy azy:

“Ho tsara haza e!” hoy izy

Nitraka ilay lehiben'ny Dholes ary nijanona daholo ny mpanaraka azy.

“Iza no nanome alalana anareo handeha aty” hoy indray I Mowgli

“Anay daholo leity ny Ala rehetra a!” hoy ny valin-teny, sady nanambana an'I Mowgli no nanopa azy ho rajako

“Andeha miverina any aminareo any” hoy I Mowgli, “ fa tsy misy tany hoanareo aty”

“Midina oa ialahy” hoy izy rehetra

Izany no tena tadiavin'ny Mowgli, ny ankasiaka ireto alike noana ary koa hiandrasany ho ariva vao entina mandala ao amin'ny faritry ny Fahafatesana.

Dia nifindra hazo I Mowgli, mody mianjera izy indraindray manaraka daholo ny alike mena, sady miomana ny hitanty azy raha mianjera eo. Tezitra aoka izany ny Lehibeany ka nahatsambikina avo kokoa nohon'ny rehetra. Kanjo kosa voarain'I Mowgli tao amin'ny vozony. Noraisiny haingana ny antsiny ary notapahany ny rambon'ilay alika.

Vao maika naha romotra ny alike mena rehetra, izay efa miisa anjatony maro ny fipitipitiky ny rà avy amin'ilay rambon'ny lehibeny. Ilehio kosa nankasihan'I Mowgli hoe: “ ilay tapa-drambo”

Nony tazan'I Mowgli lavidavitra ery ilay toerana nasiany vato nangonina dia naka aina kely izy, hiandrasana indray ireto alike mena vory manodidina ilay hazo nisy azy.

“Misaotra anareo, nanatona sy miambina ny fatoriako teto” hoy izy.

“Ho azonay , r'ilay rajako manao fitenin'amboha ity” hoy izy rehetra vao maika romotra.

Naka bahana tsara I Mowgli teo ambony hazo, dia nosorany tongolo lay ny tenany, natsipiny ilay Rambo tapaka, dia nitsambikina lavitra izy dia niazakazaka namonjy an'I Wainguanga nandalo ambonin'ilay vato nisy ny tantely dia.

Ny Dholes kosa raha vao nipitihan'ilay Rambo, dia nihaotra kely aloha noho ilay fofon-drà, izay vao nananjika an'I Mowgli.

Hazakazaka tsy nisy toy izany!

Alohany hitsmbikinanay anaty rano dia nodakadakain'I Mowgli ireto vatokely nangoniny.

Voakorotan'izany ireo tantely-dia izay efa hanomboka hatry ka tafavoaka daholo. I Mowgli efa tonga anaty rano, voatantin'ny vatan'I Kaa izay nanamora ny fianjerany k any Dholes no sendra ireto tantely-dia.

Ny Dholes tsy matin'ny tsindron'ny Tantely-dia dia nitsambikina any anaty rano, ary manara-riandrano fotsiny satria mbola vao afaka tamin'ny mahamay, kanjo tery ambany tery, Mowgli sy ny vahoaka afaka no niandry azy, ka izay mitraka avy anaty rano dia anjaran'ny vahoaka afaka na ny antsin'i Mowgli.

Nisavoritaka ny Dholes tsy nanampo ny fisehoan'ny ady: ao ny te hody kanefa aiza no hanoherana ny riandrano, ao ny te hiakatra an-tanety kanefa vangy marobe no mirangaranga, ao ny te hijanona anaty rano kanefa voatrobaky ny antsin'I Mowgli, na ny nifin'I Kaa, ao ny mihorakoraka very lalana.

Ady mafana tokoa: indro tazana I Won-Tolla na dia tongo-telo aza sisa matanjaka mamaly faty ny vady aman-janany. Frère gris efa-dahy manao ny ainy tsy ho zavatra.

Tao antin'izany ady vaventy izany no nahitana an'I Won-Tilla mat yeo am-panakendana ilay lehiben'ny Dholes tapa-drambo. Akela kosa nitraka mora ary nanambara fa izay no ady farany dia niala aina mora teo akain'I Mowgli izy. Niverina tao an-tsain'I Mowgli daholo ny fiainany manontolo niaraka tamin'I Akela sady nirotsaka ny ranomasony.

Mbola nisy aina farany hanefa I Akela nanambara tamin'I Mowgli mba hiverenany indray any amin'ny olombelona. Kanefa novalian'I Mowgli hoe: " rehefa I Mowgli no mandroaka an'I Mowgli hody, di a andeha aho"

Nangataka farany I, Akela mba hampitsanganina moramora amin'ny tongony izy; rehefa izany dia nihira ny hiran'ny fahafatesana izay tokony ataon'ny Mpitondra rehetra rehefa hofaty izy ireny.

Nony tapitra ilay hira miafara amin'ny hoe: "Ho tsara Haza" dia nianjera I Akela ary vita teo ny tantarany. I Phao hosa no nihiaka ny "Ho tsara haza" famporirahana ny vahoaka afaka, ary nangataka izy mba hihika daholo satria lasa ny lehibeny.

Fa ireo alika mena izay nanandaza tokoa fa tsy nisy mponina anaty ala nahatana ny fandrosoany dia tsy nisy tafaverina tany aminy mba hitantara izay niseho.





TILY ETO MADAGASIKARA

2018 - 2021

« Ny hoavy no aorintsika »



SCOUTS

Club de Madagascar

« Scouts of Madagascar »
« Scouts of Madagascar »
« Scouts of Madagascar »
« Scouts of Madagascar »

